

NY FANIRAHANA AHY



Misaotra anao, rahalahy.

² Manao ahoana. (Misaotra anao, rahalahy.) Manao ahoana ny olona rehetra. Tena faly aho ny tafavoaka izao hariva izao; mahatsapa ho tsara. Mahatsapa ho tsara aho hatramin'ny fivoriana omaly hariva. Tena fitahiana lehibe ho ahy ny mahita an'io vehivavy mahantra jamba io nahazo ny fahitany. Ary ireo maro hafa . . .

³ Nahazo taratasy mampahery iray aho androany izay misy ramatoa iray, angamba manatrika ankehitriny, niteny tamiko mikasika ny sasany amin'ireo zavatra izay nitranga tao amin'ny mpiara-monina aminy omaly hariva talohan'ny fivoriana farany, ahoana fa ny Tompo dia namerina ny fandrenesana tamin'ny vehivavy iray izay marenina tanteraka nandritry ny ela be, izay—izay nilaza, nilaza fa ilay Anjelin'ny Tompo dia niditra tao an-trano izay nisy azy ary nanome azy ny fandrenesany. Ary afaka fotsiny izy tena . . . Tiantsika ny hanana ny fijoroany vavolombelona, hanoratra an'izany ery aoriana ery. Ary noho izany, tena mahafinaritra izany. Ary faly isika ny amin'izany, tena faly mihitsy.

⁴ Ary noho izany, nikasa ny hamarana ny fivoriana izahay ny Alahady hariva, saingy nanapa-kevitra izahay fa tsaratsara kokoa ho anay ny tsy hanao an'izany, angamba tsaratsara kokoa aminay ny manohy elaela kely fotsiny. Izahay dia . . . Izahay dia handeha . . . [Mitehaka ny fiangonana—Mpand.] Misaotra anareo. Misaotra indrindra anareo. Misaotra betsaka anareo, manao ahy hahatsapa ho tsara izany.

⁵ Ny antony nanaovako an'izany, dia tsy nohon'ny tsy fisian'ny fiaraha-miasa teto, fa ho fanajana an-dRahalahy Freeman, hitanareo, ary tsy te-hanao amin'ilay fotoana iray ihany izay nanaovany aho. Ary raha nihevitra aho fa nanakana ny fivoriany tamin'ny fomba rehetra, dia tsy hanao an'izany aho. Fa izaho—izaho—vao avy nahazo naoty kely iray aho vao teo, noho izany dia mahatsapa tsaratsara betsaka kokoa mikasika an'izany aho ankehitriny, hoe izany dia—mety tsara izany, noho izany . . . Misaotra anareo. Misaotra betsaka anareo.

⁶ Nisy fifanjevoana kely fotsiny teo anivon'ny sasany tamin'ireo rahalahy mpitoriteny ka nikorontana ireo fivoriantika, niditra tao amin'ilay tanàna iray ihany tamin'ny fotoana iray ihany izahay. Ary azoko antoka fa tsy ho tianay ny hanao an'izany. Fa tsy tianay ianareo olona hihevitra fa miezaka hanery anareo fotsiny izahay.

⁷ Fa mino aho tahaka, mino aho fa nangady fantsakana anankiray i Jakoba, ary nandroaka azy ireo Filistina, ka

nantsoiny hoe Lolom-po izany; ary nangady anankiray hafa izy, dia noroahan'izy ireo izy, ka nantsoiny hoe Fifandirana izany; noho izany dia nangady an'ilay anankiray fahatelo izy, nanao hoe, "Misy efitra ho anay rehetra." Noho izany... Misaoatra anareo. Misaoatra anareo betsaka.

⁸ Noho izany, rehefa tany amin'io tanàna kely io izaho sy Rahalahy Freeman, Chicago, eny, navelako nipetraka tsara izany, lasa nandeha, fantatrareo, ary izahay dia nanana... Fa misy efitra ho antsika rehetra eto California, manana fantsakana goavana iray isika eto. Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Niteny tamiko ny olona iray fa misy dimampolo amby efajato maily tora-droa ity tanàna ity. Noho izany dia misy efitra betsaka, sa tsy izany? Olona marary maro, ihany koa, noho izany, maro amin'izy ireo no tonga eto ho an'ny fahasalamany. Ary matoky fotsiny aho fa hanome antsika fivoriana lehibe iray Andriamanitra eto, isika roa, ary hitahy an'ireo fivoriana hatraiza hatraiza, sy ireo asam-pitoriana rehetra ary ireo mpitoriteny hatraiza hatraiza.

⁹ Ary rahampitso, ny Sabata, dia ndao isika hivavaka mba hanomezan'Andriamanitra fanahy maro mihitsy manerana ny firenena, hatraiza hatraiza, ho an'ny Voninahiny. Sady izay koa, handeha hody any an-Trano tsy ho ela mihitsy isika, fantatrareo, ary mivonona fotsiny isika ankehitriny, noho izany dia ndao fotsiny isika hihazona ny rehetra hadio isan'andro, noho izany dia tsy fantatsika hoe amin'ny firy no mety hitranga izany.

¹⁰ Ary tia Azy isika; ary azoko antoka fa tia Azy ianareo raha tsy izany dia tsy ho teto ianareo. Ary misy pentina kely iray ao am-ponareo izay itiavanareo an'Andriamanitra, raha tsy izany dia tsy ho tonga eto mihitsy ianareo, ho tany an-kafa tany ho any ianareo. Noho izany, dia faly izahay fa tia ianareo.

¹¹ Noho izany, omaly hariva dia tena fi—fivoriana lehibe iray, ary—ary ity androany hariva ity dia antenaintsika ho fivoriana lehibe hafa iray ho an'ny Tompontosika. Enga anie Izy hanampy fotsiny ny Fitahiany. Ary ankehitriny, rahampitso tolakandro, raha sitraky ny Tompo, izaho—te-hiresaka aminareo aho rahampitso tolakandro, izao fotsiny, eny, raha hiantso azy ianareo hoe hanandrana hitory teny. Izaho, araka ny noteneniko taminareo indray mandeha, karazana kodiarana fanolo iray aho raha ny amin'ny hoe mpitory teny iray, fantatrareo. Ilay izy dia rehefa... Fantatrareo, rehefa manana kodiarana vaky iray ianareo, dia mampiasa fanolo iray hanohizana handeha. Noho izany isika... Fa tsy manana kodiarana vaky isika, fa hampiasa an'izany fotsiny izy ireo, na ahoana na ahoana.

¹² Noho izany rahampitso tolakandro... Miezaka miresaka foana aho amin'ny tolakandro. Ary ny olona dia mandray ra—rakitra misionera iray ho ahy izay—izay manampy an'ireo misionera any ampitan-dranomasina any amin'ireo saha any

ivelany. Tsy fantatro mihitsy hoe inona ireo misionera raha tsy efa naka tsiro iray an'izany ny tenako. Be voninahitra izany, saingy, oh oadray, raha misy olona mila fanampiana, dia ilay misionera mahantra any amin'ireo faritra lavitra indrindra izany izay tsy maintsy handehanany miatrika ny zavatra rehetra, ary indrindra ireo izay miady an'ilay ady amin'ny ivelan'ny voajanahary.

¹³ Ary noho izany, rahampitso tolakandro, izaho—mino aho fa amin'ny roa sy sasany izany, sa tsy izany, rahalahy, no hananantsika...? Amin'ny roa sy sasany rahampitso tolakandro. Ary ho tena faly izahay ny aminareo, raha—raha tsy manana fivoriana ny fiangonanareo...Ankehitriny, Alahady rahampitso, ary—ary manana fivoriana ireo fiangonanareo manokana, noho izany dia ho tena faly izahay, raha tsy manana ny fotoanareo manokana ianareo, ny hahatongavanareo. Mazava ho azy, raha manana fivoriana iray ianareo ao amin'ny fiangonanareo manokana, dia andraikitrareo ny mitsangana eo amin'ny toeranareo mandritry ny fotoan'ny fivorianareo, ny olona tsirairay ao amin'ny fiangonany. Fa raha tsy manana fiangonana ianareo, ka ianareo...na tsy misy fiangonana any amin'ny toeranareo, dia tongava ka miaraha aminay. Ary tsarovy indray, ireo asam-pitoriana rehetra dia mandeha manerana ny tanàna sy hatraiza hatraiza. Ary Andriamanitra...Ary mivavaka aho mba handefasan'Andriamanitra mpijinja betsaka kokoa amin'ny fijinjana, satria ilaintsika tokoa ireny.

¹⁴ Ary maro be amin'ireo olona malalanay no mandefa fanasana ho ahy ho tonga sy handeha hisakafo miaraka amin'izy ireo, ary—ary, oh, maniry tokoa aho mba ahafahako manao an'izany, ho an'ny tsirairay avy. Ary ho tiako ny hanao an'izany, saingy ilay izy dia, somary sarotra ny hanaovako an'izany, matahotra aho raha handeha hiaraka amin'ny anankiray nefa tsy ilay iray hafa, mety hanao azy ireo hieritreritra izany hoe nihevitra an'io anankiray io ho ambony kely kokoa aho nohon'ny niheverako an'ilay anankiray hafa, nefa tsy izany aho. Fa izaho—tiako ianareo rehetra, ary tiako ianareo ho tia ahy, ary raha tia ny Tompo isika, dia hahatsapa tahaka an'izany isika mikasika ny tsirairay. Noho izany, ary amin'izay fotoana izay isika dia... Indray andro any, dia handeha hisakafo miaraka aminareo rehetra aho. Amena. Tsy hahafinaritra ve izany? Mieritreritra fotsiny aho, rehefa tapitra ny ady rehetra ka nisinda ny setroka, dia miakatra isika, mihaona amin'ireo malalantsika, avy eo dia mihaona Aminy, mipetraka eo amin'ny latabatra mifanatrika isika. Tsy hahafinaritra ve izany? Tsy hisy tehina iray mihitsy na seza misy kodiarana iray manodidina ny latabatra, tsy hisy mihitsy... Oh, tsy hahafinaritra ve izany?

¹⁵ Avy eo rehefa mahita an'izany rehetra izany voapetraka eo isika, dia mijery manerana ny latabatra aho, ka hoy aho hoe, “Eny, Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Oadray!” Ary avy

eo isika dia—tsy maintsy hitomany kely fotsiny isika. Tsy mino an'izany ve ianareo? Raha afaka isika, dia hitomany kely fotsiny nohon'ny fifaliana isika.

¹⁶ Ary avy eo eny amin'ny lohan'ilay latabatra dia hivoaka amin'Ny Fiandrianany ny Mpanjakantsika, handeha hiaraka amintsika rehetra Izy, ary hametraka ny Sandriny manodidina antsika, hanao hoe, “Nijaly betsaka ianao, nandalo zavatra betsaka ianao nohon'ny Amiko.” Mamafa ny ranomaso rehetra eo amin'ny maso, manao hoe, “Ankehitriny, aza mitomany intsony. Isika dia—isika dia...Tapitra ny rehetra.” Oh, ho an'io fotoana lehibe io! Izany no antony maha-eto antsika, sa tsy izany? Tsy hahafinaritra ve ny hahatsapa ny Sandriny manodidina anareo, ka manao hoe, “Ankehitriny, aza mitomany. Midira amin'ny fifalian'ny Tompo, niady ny ady tsara ianao.” Noho izany raha mbola eto isika ka manana an'ity fanararaotra ity, dia ndao isika hanao an'izany ho ady tsara iray, tena ady iray.

¹⁷ Te-hamaky Soratra iray aho, ary hanomboka avy hatrany ao amin'ilay laharam-bavaka isika, mba ahafahantsika hanana fotoana tsara, hamela ny olona hivoaka aloha, mba tsy hahatara anareo ho an'ny sekoly Alahadinareo amin'ny maraina. Ary miezaka manao fahazarana iray isika, raha vitantsika, mamela hivoaka tena aloha, ary mba ahafahan'ny olona mandeha miasa ka miverina indray, noho izany, ho an'ilay hariva manaraka.

¹⁸ Firy no eto ho an'ny fotoanareo voalohany? Aoka ho hitanay ny tãnanareo, eo... Oadray, mahafinaritra izany! Ndao isika hanome tãnana azy ireo, izy rehetra eto izay tsy... Mahafinaritra izany! Marina izany. Oadray, tena faly izahay manana anareo eto ary mahafantatra anareo tsara. Maniry aho ny ahafahako mandray ny tãnanareo ka hanao anareo ho tongasoa. Fa mivavaka aho mba hametrahan'ny Fanahy Masina fotsiny ny Sandriny manodidina anareo, ka hanao hoe, “Izao no tiany lazaina, hoe ianareo dia—tongasoa ianareo.”

¹⁹ Ary ankehitriny, ao amin'ireo fotoana, ireo fivoriantika dia samihafa kely amin'ny, mazàna, ao amin'ireo asampanasitrana avy amin'Andriamanitra izay ahatongavantsika, eo ambanin'ny asan'ny vatana ivelan'ny voajanahary iray Izay nihaona tamiko taona vitsy lasa izay. Ary satria foto-pampianarana Batista iray hentitra tokoa ity, izaho... Mandre ahy manondro matetika ianareo, mikasika ny maha-Batista iray, ankehitriny, izaho dia—izaho tsy—tsy Batista iray, izaho dia—Kristiana iray aho, izay ilay izy. Mbola afaka ny ho Batista iray foana aho, ary ho Kristiana iray, aoka hahazo.

²⁰ Fa—fa vao tsy ela akory izay tany Little Rock, izaho... nisy lehilahy iray izay nanana tehina vitsivitsy, ary izy dia... efa teo amin'izy ireo nandritry ny taona maro, ary niditra tao amin'ilay laharana izy, ka nanasitrana azy ny Tompo. Oh, tena

faly izy! Ary nihiakiaka izy, nandeha teny an-dàlambe niaraka tamin'ny tehina anankiray nihantona teo ambonin'ilay iray hafa, nanambara tamin'ny olona rehetra, nanerana an'i Little Rock.

²¹ Ary ny hariva manaraka, dia niverina tao amin'ny fotoana izy, ary nitsangana, hoy izy hoe, "Hono ho'aho, Rahalahy Branham, reko ianao milaza...Tsy mety azoko tsara ity." Hoy izy hoe, "Ankehitriny," hoy izy, "rehefa nandre anao nitory teny aho, dia azoko antoka fa Nazareana iray ianao." Izany no naha-izy azy. Hoy izy, "Azoko antoka fa Nazareana iray ianao." Hoy izy, "Avy eo dia nahita ny vahoaka Pentekotista rehetra aho, ka hoy aho hoe, 'Tsia, Pentekosta izy.' Nefa indro ianao milaza fa Batista iray ianao." Hoy izy hoe, "Izaho—tsy mety azoko izany."

Hoy aho hoe, "Oh, mora izany, ry dada." Hoy aho hoe, "Pentekotista-Nazareana-Batista aho."

²² Noho izany, izany dia...Eny. Tia antsika rehetra Andriamanitra. Amin'ny alàlan'Ny Zanany, dia zanakalahy sy zanakavavy isika rehetra amin'ny alàlan'ny fahaterahana indray ao amin'ny Fanjakana.

²³ Ary noho izany aho dia...Marina tokoa, izaho...Izany dia...Voatendry tao amin'ny fiangonana Missionary Baptist aho, ary tsy voatendry tao amin'ny fiangonana hafa iray hatramin'io. Fa mikasika an'ireo asam-panasitranana avy amin'Andriamanitra, dia manao an'ilay izy ho araka ny filazantsara iray aho, iraisan'ny ara-anaram-piangonana iray fotsiny ho an'ny olona rehetra. Izao fotsiny...Tsy manontany mihitsy Andriamanitra ao amin'ny laharana na Metodista iray ianareo, na Batista, na Katolika, na inona ianareo, ilay izy dia ny finoanareo no nahasitrana anareo; tamin'ny alàlan'ny finoanareo no nahasitrana anareo.

²⁴ Ary, fa tsy tiako ianareo hieritreritra ankehitriny fa foto-pampianarana Batista iray marina tokoa ity rehefa milaza aho fa ny fanomezam-pahasoavana sy ny antso dia tsy misy hanenenana, mino aho fa izy ireo dia sitrapon'Andriamanitra voatendry mialoha.

²⁵ Fony aho zalahy kely iray...Androany...Io ramatoa izay nanao an'ilay sarin'ny tranobongo kely izay nahaterahako io, tena nahafinaritra izany. Ary rehefa teraka aho, dia nisy vatana ivelan'ny voajanahary iray tonga tao amin'ny efitra, saiky tahaka ny halehiben'ny iray amin'ireo jiro eo ireo mihitsy. Nanaraka ahy nandritry ny androm-piainako rehetra izany hatramin'ity fotoana ity. Tsy fantatro hoe inona ilay izy. Izaho...Ny havako talohako dia Katolika. Irlandais aho eo amin'ny lafiny roa, ray sy reny; ary misy famelàna ho an'izany. Noho izany, izaho—izaho—izaho dia...Ary hoy ny olona iray hoe, "Ianao dia Irlandais ary avy any Kentucky, ihany koa, oh oadray, izany no manao an'ilay izy ho tena ratsy." Noho izany aho...Fa namindra fo tamiko Andriamanitra, ka nanao

Kristiana iray avy tamiko Izy tamin'ny alàlan'Ny Zanany Jesosy Kristy, ary tena faly aho. Ary avy eo rehefa lasa Kristiana iray aho. . .

²⁶ Fony aho zazalahy kely iray, teo anatrehan'ny Kristiana iray, dia nanatona ahy izany, ary niresaka tamiko, ka niteny tamiko an'ireo zavatra izay hitranga. Eny, nampitahotra ahy mafy izany, saiky. Ho nikorontan-tsaina sy nangovitra aho mikasika an'izany. Saingy izany dia. . . Niresaka tamiko izany tamin'ny voalohany tao anatin'ny kirihitra iray, tahaka ny rivotra iray nihodinkodina tao anatin'ny kirihitra fotsiny, ary niteny tamiko izany mba tsy hisotro mihitsy, na hifoka, na handoto ny vatako, fa hisy asa iray hataoko. Ary nandritry ny fiainako, dia niezaka aho ny hiaina mba ho lehilahy mendri-kaja iray, ary tsy azo tsara aho. Ary na dia ny raiko aza dia nilaza fa sarimbavy goavana iray aho, satria tsy nisotro tahaka ny sisa tamin'ireo Branhams aho, sy—sy ny sisa. Fa nisy Zavatra tao am-poko izay tsy namela ahy hisotro, Kristy Izany. Ary manana hevitra iray aho, mety tsy ho marina aho eo amin'izany, heveriko fa Andriamanitra no nitahiry an'izany ho an'ny Olony, mba ahafahan'izy ireo mahazo tombony amin'izany. Tsy afaka nisaintsaina fomba hafa aho, satria araka ny natiora, dia hafa aho. Noho izany, dia misotro ny havako rehetra sy ny sisa. Tahaka ny hoe raha mamboly voan-katsaka iray fotsiny ianareo, raha voan-katsaka mavo iray izy, dia hamokatra katsaka mavo, hitanareo, fa raha tsy efa nisy fiovam-po iray natao, ary amin'ity fotoana ity, dia Andriamanitra no nanao an'izany.

²⁷ Ary noho izany taty aoriana, izany—tonga tamiko izany, ka niresaka tamiko, ary niteny tamiko an'ireo zavatra izay hitranga. Eny, nijanona lavitra an'izany aho. Ary taorian'ny fiovam-poko, ny fiangonako manokana, ny fiangonana Batista, dia niresaka an'izany tamin'ireo mpitoriteny sasany aho, sy ny sisa, ary nanoro hevitra ahy izy ireo mba hijanona lavitra an'izany, nanao hoe, “Aza manao na inona na inona amin'izany mihitsy, diso izany. Noho izany, raha misy zavatra tonga aminao,” hoy izy ireo, “izahay. . . Ireo andron'ny—ny ivelan'ny voajanahary, ary izany dia eo amin'ilay ilany hafa.” Hoy izy ireo, “Mivelona amin'ny Teny isika.”

²⁸ Namaky aho indray andro teo amin'izay nisy ny hoe ny soratra mahafaty, fa ny Fanahy no manome Fiainana. Noho izany, izaho—niezaka niala lavitra aho. Nanaiky an'izany aho, nipetraka ary niezaka nandinika an'izany tamin'ny fomba tsara indrindra izay vitako, ka hoy aho hoe, “Tompo, raha diso aho, dia mamelà ahy.” Ary niditra tao amin'ny efitra izany ka nanatona ahy tamin'io fotoana io, lehilahy iray, saiky teo amin'ny enina dian-tongotra ny halavany, fa toy ny lokon'oliva iray ny hodiny, volo mainty teo amin'ny sorony, nilanja teo amin'ny roanjato livatra teo amin'ny lanjan'olombelona, ka niteny tamiko fa nateraka teto amin'ity izao tontolo izao ity aho mba hivavaka

ho an'ny olona marary, raha hanao azy ireo hino sy ho tso-po aho rehefa nivavaka, dia tsy hisy na inona na inona hitsangana eo anoloan'ny vavaka.

²⁹ Nanontany an'ilay lehilahy aho, satria nahantra teo amin'ny zavatra anankiray, ary izaho, tsy nianatra, ka hoy aho hoe, "Tsy hino ahy ny olona." Hoy aho hoe, "Tsy afaka hanao ny olona hino ahy aho."

³⁰ Ary niteny tamiko izy fa hivavaka ho an'ny mpanjaka sy ireo mpanapaka aho, sy ny sisa; zara aho raha afaka nino an'izany. Zazalahy iray niaraka tamin'ny fianaran'ny grameran-tsekoly iray, nefa hivavaka ho—ho an'ireo mpanjaka sy mpanapaka, zara aho raha afaka nino an'izany. Kanefa, fantatro fa tsy niteny tamiko na inona na inona diso mihitsy izy, saingy nitsangana teo akaiky teo izy. Nandre an'ilay feo aho, ary nahita an'ireo famantarana.

³¹ Teo amin'ny roa ambin'ny folo taona lasa teo izay, dia nanao batisa ny vondroko voalohany aho taorian'ny, iray tamin'ireo fifohazako tany Jeffersonville, Indiana izay nipetraha tamin'io fotoana io, misy ny tranoko, raha ny marina, ary nitsangana teo amin'ny moron'ny Renirano Ohio izay. . . [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] . . niangona. Ary raha mbola nanao batisa aho, tamin'ny roa ora hariva tamin'izany, tamin'ny Jona, ary ny kandida fahafito ambin'ny folo izay nataoko batisa tamin'ny rano teo amin'ny Renirano Ohio teo ambanin'ny Spring Street, ary nandre Zavatra niteny aho, ka nahatsapa Zavatra nihazona ahy. Dia niandrandra aho, ary rehefa niandrandra, nidina avy tany amin'ny Voninahitra io tadio io nidina teo amin'izay nisy ahy.

³² Ny gazety *Courier Journal* dia namoaka lahatsoratra iray mikasika an'izany, nanao hoe, "Miseho eo ambonin'ny pasitera Batista iray eo an-toerana ny kintana mahagaga iray raha manao batisa eo amin'ny renirano izy." Tsy nety nahazo izy ireo. Oh, hatrany amin'ny olona iray alina angamba no nahita an'izany raha nihetsika teo amin'izay nisy ahy Izany, ary niverina niakatra teny amin'ny lanitra, tonga teo amin'izay nisy ahy mihitsy ary niverina niakatra nankany amin'ny lanitra. Eny, izaho. . . Maro no nanontany ahy hoe inona no dikan'izany, ka hoy aho hoe, "Tsy fantatro."

³³ Fa avy eo rehefa tonga io, ka niteny tamiko izy. . . Tamin'ity fotoana ity dia nijery izy, lehilahy iray izy. Rehefa niteny Tamin'ny aho fa natahotra aho hoe tsy hino ahy ny olona, dia nilaza izy fa homena famantarana roa aho tahaka ny nomena an'i Mosesy mpaminany mba hanamarina, na mba, amin'ny teny hafa, hanao azy hazava aminareo olona, na ny olona rehetra fa miteny ny fahamarinana aho. Hitanareo? Izay ilay izy.

³⁴ Ankehitriny, afaka milaza ny zavatra rehetra ny olona, saingy raha tsy Andriamanitra no mamaly an'izany hoe

marina izany, amin'izay fotoana izay dia tsy marina ilay izy; fa raha Andriamanitra no manambara fa izany no fahamarinana, amin'izay fotoana izay dia hino an'izany aho; raha Andriamanitra no niteny an'izany, dia hino an'izany aho. Ankehitriny, tiako ianareo hino fa marina izany.

³⁵ Ary niteny tamiko izy fa hahafantatra an'ireo aretina aho amin'ny fihazonana ny tanan'olona, aloha. Raha hanaja aho, ka—ka hanohy, dia hiseho amin'ny fotoana iray izany izay hahafahako amin'izay fotoana izay hahafantatra an'ireo zavatra izay nataon'ny olona teo amin'ny fiainany tany aoriana, ary—ary afaka hiteny amin'izy ireo an'izay hisy eo alohan'izy ireo.

³⁶ Ary avy eo raha mbola nianatra vetivety aho, dia nanondro an'ireo Soratra izay tondroiko matetika mikasika an'i Jesosy avy any Nazareta Izy, nahafantatra fa tsy azo tsara Izy, ary namela ahy hahafantatra fa tsy ho azo tsara aho; ary tsy azon'ny maro tsara aho. Fa tena mankasitraka aho fa maro no nino ny Hafatra. Ary tsy azo tsara Jesosy.

³⁷ Nisy olona iray nanatona Azy indray mandeha, nandeha i Natanaela ka naka ny rahalahiny, teo amin'izany mihitsy no notondroin'ity Anjely ity, na—na, nandeha i Filipo ka naka an'i Natanaela, rehefa tonga izy, dia hoy Jesosy hoe, “Indro ny tena Isiraelita, izay tsy misy fitaka ao aminy!”

Hoy izy hoe, “Oviana no Nahafantaranao ahy, Raby?”

Hoy Izy hoe, “Talohan'ny niantsoan'i Filipo anao, rehefa teo ambanin'ny hazo ianao.”

³⁸ Ary diniho ny fony. Ankehitriny, afaka nihemotra izy, ka nanao hoe, “Misy karazana fitaka iray eo amin'ity.” Tsy ho nahazo an'ilay fitahiana izay azony mihitsy izy. Fa hoy izy hoe, “Ianao no Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra, ilay Mpanjakan'ny Isiraely.” Dia niankohoka izy mba hanompo Azy, ary nidra an'Andriamanitra izy. Vonona ny handray ny fony rehefa avy nanamarina ny Tenany taminy Jesosy hoe Izy no Nolazainy fa naha-izy azy.

³⁹ Avy eo ny vehivavy iray, indray mandeha dia nanatona Azy teo amin'ny fantsakana, ary niresaka taminy vetivety Izy mba hifandray amin'ny fanahiny, ary niresaka taminy Izy, nanao hoe, “Mandehana alaivo ny vadinao.”

Hoy izy hoe, “Tsy manana anankiray aho.”

Hoy Izy hoe, “Nilaza tsara ianao, manana dimy ianao, ary ilay anankiray izay anananao ankehitriny dia tsy vadinao.”

⁴⁰ Hoy izy, “Hitako fa Mpaminany iray Ianao,” sy ny sisa. Raha nandeha izy ka niteny tamin'ny olony hoe, “Avia, hijery Lehilahy iray Izay niteny tamiko ny zavatra rehetra izay hany nataoko.” Taitaitra kely izy, tsy niteny taminy ny zavatra rehetra mihitsy Izy, saingy Fantany fa raha... Diniho ity ankehitriny: Fantany fa raha nahafantatra an'izany Jesosy, dia Fantany ny zavatra

rehetra. Hitanareo? Marina izany. Fantany ny zavatra rehetra raha nahafantatra an'izany Izy, afaka nanambara Taminy Andriamanitra.

⁴¹ Ankehitriny raha hahamarika ianareo, ry sakaiza Kristiana malalako, ry namana teratanin'ny Fanjakan'Andriamanitra, nanambara Jesosy raha mbola teto an-tany fa tsy nanao na inona na inona tamin'ny Tenany Izy, hoe nanao fotsiny ihany an'izay nasehon'ny Ray Taminy tamin'ny alàlan'ny fahitana Izy. Marina ve izany? Marina izany. Hitanareo? Tamin'ny alàlan'izay nasehon'ny Ray Taminy fotsiny ihany. Hitanareo? Hoy Izy hoe, “Marina tokoa, marina tokoa, Lazaiko aminareo, tsy afaka manao na inona na inona amin'ny Tenany ny Zanaka, fa izay asehon'ny Ray Azy, dia izany no ataon'ny Zanaka.”

⁴² Efa voamarikareo ve rehefa maty i Lazarosy? Jesosy, naniraka nankany Aminy izy ireo mba ho tonga hivavaka ho an'i Lazarosy, tsy tonga Izy, nanohy fotsiny Izy. Manontany aho hoe nahoana. Nanana fahitana iray Izy hoe tsy maintsy ho faty i Lazarosy. Noho izany rehefa nanohy Izy, raha hahamarika tsara an'ireo Soratra ianareo, manohy Izy, naniraka indray izy ireo, tsy tonga mihitsy Izy, ary nanohy. Avy eo Izy rehefa... Nilaza Izy afaka kelikely hoe, “Matory i Lazarosy sakaizantsika.” Na, “Maty Izy,” niteny tamin'izy ireo tamin'ny teny mazava Izy. Ary noho izany dia hoy Izy hoe, “Fa nohon'ny aminareo, dia faly Aho fa tsy tany Aho, fa handeha hamoha azy Aho.”

⁴³ Ankehitriny, araka Ny Teniny an'i Masindahy Jaona 5:19, ny Ray dia efa naneho Taminy an'izay hiseho, satria hoy Izy hoe, “Ny Zanaka dia tsy afaka manao afa-tsy izay asehon'ny Ray Azy.” Marina ve izany? Ary teo amin'ny fasana, diniho ny Fivavany. Hoy Izy hoe, “Esory ny vato.” Fa raha hitsangana izy, dia nahoana no esorina ny vato? Nanana zavatra hatao ireo vehivavy, hitanareo. Hoy Izy hoe, “Esory ny vato.”

⁴⁴ Dia hoy Izy hoe, “Ray, misaotra Anao Aho fa efa nihaino AhY Ianao. Fa nilaza an'izany Aho ho an'ireo izay mitsangana manodidina.” Vavaka mahazatra iray fotsiny, ary isan'andro... mba hamela azy ireo nahafantatra fotsiny, avy eo Izy dia niantso an'i Lazarosy avy tamin'ny—avy tamin'ny maty.

⁴⁵ Ankehitriny, io iray io ihany... Ary ao amin'ny Tompontsika ny manao an'ireo zavatra ireo, sy manao an'ireo filazana mialoha ireo, ka nilaza fotsiny ihany an'izay nasehon'ny Ray Taminy, saingy fotsiny... Fantany hoe taiza no nifatoran'ireo ramole roa indray mandeha; Fantany hoe taiza no nisy efitra ambony iray hatao vonona ary lehilahy iray hitondra siny iray.

⁴⁶ Eny, nampangaina ho mpiantso fanahy iray aho, nampangaina ho mpiresaka amin'ny fanahy iray aho. Ary niteny tamiko ny olona iray indray andro fa... nanao hoe, “Ianao ve mikambana amin'ny...”

47 Efa mba nisy vondron'olona iray an'ity fiangonana ity ve antsoina hoe "IZAHO NO IZY," na zavatra tahaka an'izany?

Nanontany ahy ny olona iray raha *IZAHO NO IZY*."

Hoy aho hoe, "Tsia, *IZY NO IZY*, fa izaho dia Mpanompony."

Hoy izy hoe, "Tsy manao fivoriana iray any amin'izay nisy ny *IZAHO NO IZY* ve ianao?"

Hoy aho hoe, "*IZAHO NO IZY* dia mbola any foana." *IZAHO NO IZY*, izany dia Jesosy Tompontosika, ny—ny Andriamanitsika, Ny Rainy, "*IZAHO NO IZAHO IZAY IZY*."

48 Ankehitriny, tsy azo tsara izany, ry sakaiza Kristiana malala, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, izaho—izaho—tsy iray amin'ireo aho, izaho dia—rahalahinareo aho, rahalahinareo aho. Ary mety tsy mpitabataba aho, ka afaka mandrava, sy manangana, ary manozongozona tahaka ny mpitory teny malaza iray, mahery, tsy mihambo ho izany aho. Ary ny fahamenarako, tsy misy azoko atao amin'izany, tahaka an'izany no nanaovan'Andriamanitra ahy, izaho—tsy maintsy izay maha-izy ahy fotsiny aho. Izay ihany. Ary tahaka an'izany fotsiny no Tiany haha-izy ahy, tahaka an'izany no tokony haha-izy ahy. Ary manao fotsiny arak'izay Lazainy hatao aho. Ary, voalohany, dia handratra ahy izany. . .

49 Indray mandeha tao amin'ny fivoriana iray tany Cleveland vao tsy ela akory izay, dia nisy lehilahy mainty hoditra iray nanatona, ka nanao hoe, "Afaka mahazo karatra fangataham-bavaka iray ve aho mba hanao ny fanaovako hatsarana hiteny?"

50 Oh, oadray! Ho ahy, izany dia. . . Izaho—mivavaka aho mba tsy hihazonan'Andriamanitra an'izany hanohitra an'ilay rahalahy mahantra, nisotro izy, saingy izy—izy. . . Matoky aho fa tsy hihazona Andriamanitra. Tsarovy, afaka miteny ratsy ny Fanahy Masina ianareo eo, hitanareo. Hitanareo?

51 Na dia, ry sakaiza, manana zavatra iray hatao modely aza i Satana, na haka tahaka ny zavatra rehetra izay ananan'Andriamanitra, ny zavatra rehetra izay ananany, dia tsy maintsy naka tahaka an'Andriamanitra tamin'izany izy. Fa eo amin'izay misy ny—ny sandoka iray, dia tsy maintsy misy anankiray marina any ho any izay nanaovana azy, raha tsy izany dia tsy ho sandoka ilay izy. Marina ve izany? Raha nanana dolara sandoka iray ianareo, eny, dia tsy maintsy misy ny—ny tena dolara iray any ho any, na raha tsy izany ilay izy, dia izany no ilay tany am-boalohany, hitanareo, ary tsy ho sandoka izany.

52 Fa Jesosy dia tsy azo tsara, ihany koa. Nohomboana Izy. Izy ireo dia niantso Azy hoe Belzeboba; ary Belzeboba: mpanao hatsarana iray, na demony. Efa fantatrarao ve fa devoly iray i Belzeboba? Ilay andrian'ny devoly. Ary nilaza izy ireo fa ny Asany, Ny—Ny fanaony izay Nahafahany niteny mialoha an'ireo zavatra sy nahita an'ireo zavatra izay hiseho, ary nandroaka

devoly Izy, izany dia tamin'ny alàlan'ny herin'i Belzeboba, izay andrian'ny devoly. Fantatr'izy ireo fa ny Heriny dia ambony lavitra noho ireo mpaminany rehetra, fantatr'izy ireo fa teo amin'ny haavo avo kokoa noho ireo mpaminany Izy, satria nahafantatra sy nahazo Izy, ary nomba Azy ny Ray, sy ny sisa araka ny Nolazainy, ary Andriamanitra no nanamarina an'izay nolazain'i Jesosy ho marina. Fa ilay tontolo arapivavahana ivelany, ilay tontolo mpivavaka no ireo izay nanao hoe, "Belzeboba Izy, nandroaka devoly tamin'ny alàlan'ilay andrian'ny devoly izy."

⁵³ Fa efa voamarikareo ve? Ireo devoly rehefa nihaona Taminy izy ireo, dia hoy izy ireo hoe, "Fantatray hoe iza Ianao, Ianao no Zanak'Andriamanitra." Marina izany. Ary tsy maintsy nanaiky ny Fahefany izy ireo.

⁵⁴ Ankehitriny, "Raha miantso ny tompo'ny trano hoe Belzeboba izy ireo, dia tsy mihoatra noho izany ve no hiantsoan'izy ireo an'ireo Mpianany?" Hitanareo ve izay tiako lazaina?

⁵⁵ Ary izaho—manantena aho fa tsy nanome fiheverana iray an'iza na iza hoe teto aho mba hiezaka hanao ratsy. Izaho—aleoko mandeha mody ary tsy manandrana toy izay hanandrana ho mpamitaka iray.

⁵⁶ Nisy olona iray tato amin'ny tranobe indray hariva, nanana fihetseham-po lehibe, matanjaka an'izany, hoe mpamitaka iray aho. Ary noho izany dia fantatro ilay izy, ary noteneniko tamin'ny zanakolahy ny mikasika an'izany. Ary androany dia tonga avy tamin'ny ramatoa iray izay nanamarina ny taratasy iray, nijery ny zanakolahy, nanao hoe, "Jereo io, ry Dada. Izay ianao fotsiny..."

Hoy aho hoe, "Azo antoka. Fantatro fa ho avy izany, hitanao, satria Nasehony ahy fa ho avy izany." Hoy aho hoe, "Teo Izy indray hariva."

⁵⁷ Efa nandre ahy niteny ve ianareo hoe, "Tsy mpamitaka iray aho," tamin'ilay lehilahy mipetraka tery aoriana tery? Fantatro fa nihevitra an'izany izy, nilaza fa mpisandoka iray aho. Eny, raha mpisoloky iray aho, dia tongava hanaporofa fa diso aho, izany—marina izany. Hitanareo?

⁵⁸ Izaho—izaho—izaho dia tsy misy afa-tsy mpanompon'ny—ny Tompo iray, tahaka anareo izay Kristiana iray fotsiny. Hitanareo? Ary tsy afaka manao na inona na inona amin'ny tenako aho, fa izay asehon'ny Tompo amiko fotsiny ihany, no azoko atao, tsy afaka manao afa-tsy izay Asehony ahy hatao aho. Ary ao amin'ireto fahitana ireto, dia maneho amiko an'ireo zavatra izay hiseho Izy, maneho amiko an'ireo zavatra izay nataon'ny olona.

⁵⁹ Ho an'ny voalohany, teo amin'ny roa taona teo, na, mihoatra kely ny roa taona, teo amin'ny telo taona teo, ny fomba tokana

azoko nitenenana dia rehefa nihazona tanaan'olona iray aho ka naneho fanehoana hafahafa iray teo—teo amin'ny tanaan'izany. Ary angamba fantatr'Andriamanitra fa hiteraka fifanjevoana kely izany. Afaka milaza zavatra avy amin'ny foko ve aho raha mety tsara izany? Hitanareo? Nisy olona maro be nivoaka ary nanana fihetseham-po hafahafa teo amin'ny tanaan'izy ireo taorian'izany, fantatrareo, ary manana fiheveran-diso izy ireo hoe ianareo dia manasitrana ny olona amin'ny alàlan'ny fahatsapana iray izay nanananareo teo amin'ny tanaan'izany. Maro no nanatona ahy, ka nanao hoe, “Rahalahy Branham, tsapao ka jereo raha manana herin'ny fanasitrana aho.”

⁶⁰ Tsia, teneniko aminareo ankehitriny, tsy manana ianareo. Ny herin'ny fanasitrana tokana izay misy dia mipetraka ao amin'i Jesosy Kristy. Marina izany. Izay ihany. Izay ihany! Ny zavatra tokana azonareo atao dia ny manondro ny olona mankany amin'izany. Ary izay ihany no azoko atao, na izay azon'ny olonkafa hatao dia ny manondro ny olona mankany amin'i Jesosy Kristy Izay efa nanasitrana azy ireo. Rehefa maty teo Kalvary Izy, dia Izy no nandao an'ilay vidiny faratampony. Izy no nandao . . . Ny fitahiam-panavotana rehetra izay Nahafatesany teo Kalvary dia efa voaloha eo anatrehan'Andriamanitra, voaloha tanteraka ilay trosa, ka voavela eo anatrehan'Andriamanitra ianareo, nesorina tao amin'ilay trano findramam-bola misy antoka ianareo. Marina izany. Ny zavatra tokana tokony hataonareo, dia ny manaiky ny finoana an'i Kristy, ary mivoaka avy ao amin'ilay trano findramam-bola misy antoka, izay ihany.

⁶¹ Izy no Havana Mahavotra antsika. Tsy marina ve izany? Voaseho tao amin'ny nofo Andriamanitra mba haka ny toerantsika, mba ho Havana iray ho antsika. Tahaka ny ao amin'ny Bokin'i Rota, sy Eksodosy, sy ny sisa, toy ny ahoana no itoriany teny, ampianarany eo ny amin'ny hoe ahoana fa lasa havan'Andriamanitra isika, ary nidina Andriamanitra ka nonina tao amin'Ny Zanany, Kristy Jesosy, lasa Havana ho antsika. Ary Izy no Havana Mahavotra antsika. Ary tsy maintsy natao teo anatrehan'ny Isiraely teo amin'ny vavahady ny fanambarana ampahibemaso iray, raha nanala ny kirarony i Boaza mba haneho fa nanavotra tanteraka an'i Naomy izy, ary tamin'ny fanavotana an'i Naomy, dia nahazo an'i Rota ilay ampakarina izy.

⁶² Ary Jesosy, rehefa nanavotra ny Isiraely Izy, dia nahazo ny Ampakarina Jentilisa Izy. Nanao fanambarana ampahibemaso iray Izy: Nasandratra teo anelanelan'ny lanitra sy ny tany Izy ho Faneva iray, tany ivelan'ireo vavahadin'i Jerosalema mihitsy. Ary teo no voaloha ilay vidiny faratampony, teo no nanavotana antsika. Ary ny lovantsika rehetra izay very, ny fahasalamantsika, ny herintsika, ny famonjentsika, izay rehetra very tany amin'ny fahalavoana dia navotana teo Kalvary. Izay ilay izy.

⁶³ Ary ry rahalahiko, anabaviko, ilay izy tsy hoe amin'ny fahasoavana toy ny ahoana no ahafahanareo mivavaka, na fivalozana firy no azonareo atao, ilay izy dia ny finoanareo mba hino fa izay Nataony ho anareo no miteraka anareo. Marina izany. Ny mpanota tsirairay dia voavonjy izao hariiva izao eo imason'i Jehovah Andriamanitra, saingy tsy hahasoa anareo mihitsy izany raha tsy manaiky an'izany ianareo, sy mino an'izany, ary miaiky an'izany, ary amin'izay fotoana izay dia Izy no Mpisoronabe an'ny fiaikenareo mba hanitsy an'izany eo anatrehan'Andriamanitra.

⁶⁴ Ary ireo fitahiam-panavotana rehetra, raha reraka ianareo: "Izy dia voalefona nohon'ny fahotantsika, notorotoroina nohon'ny helotsika: ny famaizana ho an'ny fiadanantsika dia natao teo Aminy; tamin'ireo Dian-kapony no nahasitranana antsika." Efa vita izany, ekeo fotsiny izany.

⁶⁵ Ankehitriny, afaka mandray ny Teny ny mpitoriteny iray ka manazava an'izany. Tsy nianatra aho, tsy mahafantatra be loatra mikasika ny Teny aho, fa ny drafitry ny famonjena fotsiny sy ireo zavatra izay nambaran'Andriamanitra tamiko. Tsy tonga tamin'ny alàlan'ny seminera mihitsy izany na ireo fampianarana, tonga tamin'ny alàlan'ny fanambaran'ny Fanahy irery ihany izany. Ary izay fantatro, dia fantatro fa Andriamanitra no nanome ahy an'izany. Ary noho izany, tsy mahafantatra betsaka mikasika ny Teny, dia Izy no nanome an'ireo zavatra hafa ireo izay mety ho fanamarinana iray ho anareo olona hoe miteny aminareo ny fahamarinana aho.

⁶⁶ Ary Andriamanitra dia mahafantatra ny rehetra...Efa nitovy teny teo anatrehan'ny an-tapitrisany aho, fa tsy nisy fotoana iray mihitsy izay hany nilazako fa nisy zavatra iray nidirako tamin'izany. Fa ny voninahitra rehetra dia mandeha mankany amin'i Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra, Izay nanavotra anareo tany aoriana tany. Ary afaka miteny fotsiny ihany aho ka milaza arak'izay Teneniny sy lazainy. Ary mino aho izao hariiva izao, raha niala tamin'ny tranobe aho izao hariiva izao mba tsy hiverina intsony indray, dia mino aho fa tsy maintsy hanome vavolombelona iray ianareo olona izay efa tao amin'ireo fivoriana, na aiza na aiza ato amin'ny firenena na any ivelan'ny firenena izay mahafantatra fa isaky ny misy marary, rehefa mipetraka miaraka amin'ny marary iray aho, tsy mampaninona na iza izy ireo, oviana na aiza...

⁶⁷ Tahaka an'ilay ramatoa izay nihaonako tao amin'ny saha indray andro teto, tonga niampita an'ilay saha izy, avy tany Illinois izy, ary tena narary, ary niampita an'ilay saha, ka hoy izy hoe, "Oh, Ranadahy Branham," ary nanomboka teo izy, dia nipetraka teo anilany aho. Ary tany dia niverina ny Fanahy Masina (Ary mety manatrika izy ankehitriny, ataoko fa manatrika izy.), ary niverina ka niteny taminy ny rehetra

nandritra ny fiainany, nipetraka tao amin'ilay saha, hitanareo, ary mikasika . . .

⁶⁸ Tsy mbola nahita fotoana iray mihitsy ianareo, ny iray aminareo, ka tsy Nitenenany mihitsy hoe inona ny olana tamin'ilay marary, sy ireo zavatra tany aoriana teo amin'ny fiainany, izay efa nisy. Marina ve izany? Ary izany dia . . . Firy no mahafantatra fa izany no fahamarinana? Ankehitriny atsangano ny tãnanareo ho—ho fanamarinana iray, an'izany. Hitanareo? Ankehitriny, tsy manasitrana izany, fanamarinana iray fotsiny izany, mahita fa manatrika Jesosy Kristy.

⁶⁹ Ary ireo hariva roa farany, ry sakaiza, namela ny olona teo amin'ny finoany manokana fotsiny izahay, ary nitondra azy ireo nanerana teto, ary niezaka nitsangana teto fotsiny aho ka naka an'ilay lafiny faharisihana, ary izao fotsiny, rehefa tonga ny olona, dia miala fotsiny tsy miresaka amin'izy ireo, fa mivavaka ho azy ireo fotsiny ary mampandalo azy ireo eto, ary nanao zavatra mahagaga ho antsika Andriamanitra. Ary faly sy mientanentana eo amin'izany aho, satria afaka mihaona amin'ny olona betsaka. Mazàna dia maka azy ireo tsirairay, tsirairay, mila ela be mba hidirana ao amin'ilay . . . mba hahazoana ny isan'ny olona sahaza. Fa ankehitriny dia tonga eo amin'ny toerana iray aho izay ahafahako maka dimampolo isan-kariva. Ary mino aho fa alohan'ny herinandro, ny herinandro manaraka, dia haka zato aho na mihoatra isan-kariva. Mino aho fa Andriamanitra dia afaka . . .

⁷⁰ Ary tiako ny tsirairay avy aminareo, rehefa mandalo eto ianareo, tsy mampaninona ny toeranareo, tiako ianareo hanaiky an'i Jesosy ho Mpanasitrana anareo manokana, ka hivoaka avy eto mino, mijoro vavolombelona, manambara ny fahasitrananareo alohan'ny ahatsapanareo an'izany na zavatra hafa.

⁷¹ Ankehitriny, ilay ramatoa azon-taona omaly hariva izay jamba, nitondra an'ilay zavatra antitra mahantra teo amin'ny lampihazo izy ireo, tena tahaka . . . Mazava ho azy, namely mafy mihitsy ilay hosotra, tao amin'ny voalohan'ilay laharana mihitsy izy. Dia hoy aho hoe, "Apetraho eo izy," nihevitra aho fa afaka ho tonga teo aminy afaka fotoana fohy. Hitako fa jamba izy, nidona tamin'ireo zavatra, ary—ary niezaka nametraka azy izy ireo. Nandalo izy, ary nametraka ny tãnako teo aminy aho ka nitso-drano azy. Ary raha nanomboka nandalo izy, vao nampitodika azy mihitsy ny Fanahy, dia nisintona ahy hihodina Izany, fantatro fa tapitra ilay izy tamin'izay fotoana izay, teo izy, nahazo ny fahitany. Miteny amiko ny olona iray fa mipetraka ery aoriana ery izy mamaky sy ireo zavatra tahaka an'izany hatramin'io. Toy ny ahoana no nitahian'Andriamanitra azy! Ary toy ny ahoana no ankasitrahantsika!

⁷² Ary ireo hafa izay narenina, sy ny sasany izay moana, ary

sitrana tao amin'ny fivoriana ireo karazana aretina samihafa rehetra. Ankehitriny, manantena zavatra lehibe isika. Sendra nijery ramatoa kely iray aho mipetraka eto marary eo amin'ny seza iray. Ankehitriny, Andriamanitra anie hamindrà fo amin'ny rehetra.

⁷³ Ankehitriny, te-hamaky Soratra iray haingana mihitsy aho ankehitriny, mba ahafahantsika manao ny laharam-bavatsika handeha. Vonona ny hivavahana ve ianareo? Efa nino tamin'ny fonareo rehetra ve ianareo? Oh, enga anie Andriamanitra hitahy anareo.

⁷⁴ Ry vahiny ato amin'ny vavahadinay, mety tsy mbola nahita mihitsy ianareo an'ilay—ilay fahaiza-mamantatra ivelan'ny voajanahary an'ireo aretina. Tsy fantatro izay hataon'ny Fanahy Masina. Angamba hahazo olona iray ao amin'ny laharana Izy, na olona iray hanontany ahy an'izay tsy mety, na zavatra tahaka an'izany eo amin'ny fiainan'izy ireo; mety hisy olona mpanota iray handalo eo amin'ny lampihazo, mety hiantso ahy avy hatrany eo Izy ka hampijanona azy. Mazàna, rehefa avy tao amin'ny fivoriana izy ireo ka nahita maro be an'ireo zavatra nantsoina, mazàna izy ireo dia mibebaka alohan'ny ahatongavany eo amin'ny lampihazo, ka mivonona, satria zavatra mahatsiravina maro no efa notenenina tamin'ny olona, sy ny sisa, teto amin'ny lampihazo. Ary ianareo no vavolombelon'ireo zavatra ireo.

⁷⁵ Ankehitriny, te-hamaky Soratra iray avy hatrany aho, mba... Ho diso ireo teniko, olona iray aho, fa *ireto* Teny ireto dia tsy ho diso; *Ity* no Tenin'Andriamanitra, tsy mety diso Izany.

⁷⁶ Ankehitriny, firy ato no manana finoana an'i Jesosy? Aoka ho hita ny tãanareo. Oh, mahafinaritra! Eny àry. Firy no mino fa Izy no tsy miova androany tahaka Azy omaly ary isan'andro? Oh, mahafinaritra izany. Tiako... Ankehitriny, izany no finoanareo. Ary tiako ny haneho aminareo hoe inona koa no mbola tiako anananareo izao hariva izao. Ny andininy faha-14-n'ny toko faha-2-n'ny Masindahy Jakoba, ary hamaky ny faha-26 manontolo mihitsy aza aho. Henoy tsara ny famakiana ankehitriny:

Inona no tombony, ry rahalahiko, na dia milaza aza ny olona iray fa izy dia manana finoana, nefa tsy manana asa? afaka mamonjy azy ve ny finoana?

Tsy afaka izany. Raha mino ianareo fa hamonjy anareo Andriamanitra, dia tsy maintsy mino an'izany ianareo ary avy eo dia miaiky an'izany hoe Izy no nanao an'izany, alohan'ny hahatongavan'izany... amin'izay fotoana izay dia miasa ho fahamarinana izany, hitanareo.

*Raha misy rahalahy iray na anabavy mitanjaka, ary—
ary tsy manana ny sakafo isan'andro,*

Ary iray aminareo manao aminy hoe, Mandehana amin'ny fiadanana, aoka hafana ary ho voky; nefa ianareo tsy manome azy ireo...an'ireo zavatra izay ilain'ny vatana; inona no tombony?

Toy izany koa ny finoana, raha tsy manana an'ireo asa izy, dia maty izy, satria irery.

Eny, afaka milaza ny olona iray hoe, Ianao manana finoana, ary izaho manana asa: aseho ahy ny finoanao tsy misy an'ireo asanao, ary izaho haneho aminao ny finoako amin'ny alàlan'ireo asako.

Ianao dia mino...fa Andriamanitra anankiray no misy; mino tsara ianao: ny devoly koa dia mino, ary mangovitra.

Fa tsy fantatrao ve, O ry olom-poana, fa ny finoana tsy misy asa dia maty?

Inona...Tsy nohamarinina tamin'ny asa ve i Abrahama raintsika, rehefa nanolotra an'i Isaka zanany teo ambonin'ny alitara izy?

Hitanao ve hoe ahoana no niasan'ny finoana niaraka tamin'ny...asa, ary tamin'ny asa no nanaovana ny finoana ho tanteraka?

Ary tanteraka ny soratra izay manao hoe, Abrahama dia nino an'Andriamanitra, ary nisaina ho fahamarinany izany: ary nantsoina hoe ny Sakaizan'Andriamanitra izy.

Hitanareo arak'izany hoe ahoana fa amin'ny asa no anamarinana ny olona, fa tsy amin'ny finoana irery ihany.

Toy izany koa tsy nohamarinina tamin'ny asa ve Rahaba janga, rehefa nandray an'ireo iraka izy, ka nandefa azy ireo tamin'ny lalana hafa iray?

Ankehitriny ny andininy farany, henoy tsara:

Fa tahaka ny vatana tsy misy fanahy izay maty, dia toy izany koa no ahafatesan'ny finoana tsy misy asa.

⁷⁷ Ankehitriny, ianareo rehetra miaraka amin'ny finoana, nefa matahotra ny hametraka an'izany hiasa, tsy hahasoa izany. Nahoana no tsy, nahoana no tsy manaisotra fotsiny ny zavatra rehetra izay tsy mifanaraka amin'ny finoana? Minoa ary mihetseha eo amin'izay inoanareo, tsy izay ianareo—izay tsapanareo, na izay ambaran'ireo taovam-panambolana, fa izay ambaran'ny finoanareo. Marina ve izany? Manàna finoana an'Andriamanitra ianareo, ary avy eo dia mihetseha toy ny hoe manana finoana an'Andriamanitra ianareo.

⁷⁸ Ankehitriny, raha hoy i Abrahama hoe, “Manana finoana an'Andriamanitra aho,” nefa natahotra ny hanolotra an'Isaka

zanany, amin'izay fotoana izay dia tsy tsara ny finoany. Paoly dia nanamarina an'i Abrahama tamin'ny finoana, Paoly dia niresaka ny amin'izay hitan'Andriamanitra tao amin'i Abrahama; fa Jakoba dia nanamarina azy tamin'ny alàlan'ireo asa, Jakoba dia niresaka ny amin'izay hitan'ny olona tao amin'i Abrahama. Hitanareo? Andriamanitra mahita ny finoanareo, ny olona mahita ny asanareo. Ary raha milaza ianareo fa manana finoana nefa matahotra ny hivoaka ka hanao asa avy amin'izany, amin'izay fotoana izay dia tsy hahasoa izany, tsy hahasoa anareo mihitsy izany. Tsy maintsy mino an'izany ianareo, tsy maintsy manaiky an'izany ianareo, ary tsy maintsy mihetsika tahaka an'izany ianareo, sa tsy izany?

⁷⁹ Ankehitriny, mihevitra ve ianareo fa zavatra mora iray ho ahy ny ho tonga rehefa tonga teo amiko io Anjely io, ary tsy misy na inona na inona tahaka an'izany, araka ny fantatro, hatramin'ny andron'ireo apostoly, izay hany nitranga, mba hivoahako eo anatrehan'ny an'arivony, ary matetika dia olona maro dimy arivo sy roa alina ary telo alina ao amin'ny fivoriana tokana, ka milaza... ary manao fihaihana iray amin'izany karazany izany nefa mipetraka eo ireo *Look, Life, Time, Collier*, mpitsikera, dokotera, sy ny zavatra rehetra miezaka hahita lesoka anankiray amin'izany? Mihevitra ve ianareo fa mora izany? Fa rahalahy sy anabavy, mino an'Andriamanitra aho, izay Noteneniny tamiko fotsiny, dia ho tahaka an'izany ilay izy.

⁸⁰ Ary rehefa nitsangana tany aho ka nilaza fa ireo mpanjaka sy mpanapaka ny firenena dia hiantso ahy mba hivavaka ho azy ireo, dia izany... Nino an'izany aho satria Izy no niteny tamiko an'izany. Ary ilay mpanjaka malaza indrindra teto amin'izao tontolo izao dia nanefa telegrama ho ahy mba handeha hivavaka ho azy, dia ny Mpanjaka George an'i Angletera, sy ireo hafa tahaka an'izany, ary ireo lehilahy malaza manerana ny firenena.

⁸¹ Indro, nisy lehilahy malaza iray teto mihitsy, mipetraka eto izay nitondra tehina nandritry ny ela be, ilay lehilahin'ny kongresin'i Etazonia, mipetraka eto Atoa. Upshaw izay nipetraka teto, dia kilemaina nandritry ny taona maro, maro, enina amby enimpolo taona, naratra. Ary indro izy izao hariva izao tsy miaraka amin'ny tehiny, tsy miaraka amin'ny sezany, tsy misy na inona na inona, mandeha ara-dalàna mihitsy. Marina ny Fanahy Masina. Andriamanitra no manao... Io izy miaraka amin'ny tànanany mitsangana, raha tsy mbola nahita azy mihitsy ny sasany aminareo, io izy eto. Firy no efa mba nahita... tsy mbola nahita an'ilay lehilahin'ny Kongresy Upshaw mihitsy, ilay lehilahin'ny kongresy? Aoka ho hitanay ianareo manangana ny tànanareo. Eny, nalemy iray nandritry ny enina amby enimpolo taona izy, nianjera izy. Ary raha mbola nitsangana teto amin'ny lampihazo aho, rehefa nanatona aho... Andriamanitra Mandrakizay, Izay Mpitsarako, no mahafantatra

fa tsy mbola nahita mihitsy aho na nandre ny amin'ilay lehilahy teo amin'ny fiainako, tsy mahafantatra azy. Tsy nianatra aho, raha nahazo fianarana aho, dia ho nahafantatra an'io lehilahy io, raha efa tany amin'ireo tranomboky aho ka namaky boky, ary... Nilatsaka ho filoha izy, heveriko, tany 1926. Ary izy... Ary lehilahy malaza iray avy any Georgia, saingy tsy nahafantatra azy mihitsy aho.

⁸² Ary indray hariva, nandeha teto amin'ny lampihazo teto aho, vao avy niala teo amin'ny lampihazo Atoa. Baxter, nijery aho, nihantona teto mihitsy, ary nahita an'ilay White House aho, nahita ny rehetra mikasika an'izany, nanomboka niresaka, nefa tsy afaka niteny, ary niteny tamin'Atoa. Baxter aho. Tao anatin'ny fotoana fohy, dia nilatsaka Izany ary hitako izay nipetrahan'ilay lehilahy, hitako fa izy izany, hitako izy naratra fony izy zazalahy kely iray fotsiny. Ary efa kilemaina iray izy nandritra ny rehetra... Dia nanomboka niala aho, ary nanomboka nilatsaka ny Fanahin'Andriamanitra, ka nitsangana avy tao amin'ny seza misy kodiarana iray ny vehivavy iray, ary zavatra vitsivitsy amboniny no niseho teo amin'izay nanambaran'ny Fanahy Masina tamin'izy ireo, ary raha nanomboka aho, Atoa. Kopp eto, ilay, Rahalahy Kopp, nihazakazaka niakatra teo ilay pasitera, dia hoy aho hoe, "Mandehana teneno ilay lehilahin'ny kongresy fa nanasitrana azy Andriamanitra. Nahita azy aho, lasa nandeha."

⁸³ Indro izy... Hitsangana ve ianao, ilay lehilahin'ny kongresy, mba ahafahan'ny olona hahita anao fotsiny? Indro izy, ilay lehilahin'ny kongresin'i Etazonia an'i Amerika izay kilemaina nandritry ny enina amby enimpolo taona. Ndao isika hanao hoe, "Isaorana ny Tompo." Andriamanitra hitahy anao, ry rahalahiko.

⁸⁴ "Ary tsy afaka nilaza na inona na inona ratsy mikasika an'izany izy ireo, satria nitsangana niaraka tamin'ireo izay nandry teo amin'ny vavahady nandritry ny efapolo taona ilay lehilahy," ary io lehilahy io dia nalemy iray enina amby enimpolo taona. Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay...

⁸⁵ Ahoana no nataon'Atoa. Upshaw...? Tsy mbola nahita azy mihitsy aho teo amin'ny fiainako, tsy nahafantatra na inona na inona ny aminy aho, ahoana no nahafantarako fa lehilahin'ny kongresy izy ary iza izy? Fa ny Fanahy Masina no nanambara an'izany teto amin'ny lampihazo. Hitanareo? Izy no nanambara an'izany. Ny... Mampahafantatra ny Tsiambaratelon'ny... Ankehitriny, tsy misy idirako amin'izany. Hitanareo? Izaho, sendra teraka ho an'izany tanjona izany fotsiny aho. Hitanareo? Tahaka an'ilay dobo sy ranon'i Betesda mihitsy, tsy afaka nilaza izy hoe, "Jereo hoe rano lehibe toy ny inona aho." Satria rehefa nivoaka avy tao amin'ny rano ilay Anjely, dia rano fotsiny izy. Marina ve izany? Marina izany.

⁸⁶ Ankehitriny, rahalahinareo fotsiny aho, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, fa rehefa midina ilay Anjelin'ny Tompo, dia lasa Feon'Andriamanitra iray ho anareo izany amin'izay fotoana izay. Angamba, raha nanafintohina anareo aho tamin'ny filazana an'izany, dia mamelà ahy, saingy, tsapako fa mety manafintohina izany, saingy izaho no Feon'Andriamanitra ho anareo. Hitanareo? Milaza an'izany indray aho, hoe teo ambanin'ny tsindrimandry tamin'izany fotoana izany, hitanareo, ary izaho—nahatsapa ho ratsy mikasika an'izany aho tamin'ny voalohany, saingy Naveriny izany. Ankehitriny hitanareo, tsy afaka milaza na inona na inona amin'ny tenako aho, fa izay Asehony ahy, dia lazaiko izany. Minoa an'izany, dia diniho izay mitranga. Hitanareo, nino *izy*.

⁸⁷ Rehefa avy nipetraka tao amin'ireo fivoriana lehibe... Jereo eto ankehitriny, Atoa. Upshaw eto dia mipetraka eo ambanin'ny toritenin'Atoa. Freeman. Ary Atoa. Freeman, oh, oadray, angamba lehilahy mahery iray ao amin'ny Soratra. Tsy mahafantatra an-dRahalahy Freeman aho, fa amin'ny fahitana ny sariny fotsiny ihany. Fa tsy isalasalana, fa lehilahin'Andriamanitra iray mahafinaritra izy. Ary Oral Roberts, oadray, izy dia...Fantatro i Oral, ary Oral dia lehilahin'Andriamanitra iray mahafinaritra, mpitory teny malaza iray. Ary Rahalahy Ogilvie, efa nihaona taminy indroa aho, lehilahy iray mahafinaritra. Ary nipetraka teo Rahalahy Upshaw, ary nivavaka ho azy ireo lehilahy ireo. Fa inona no nitranga? Sendra ilay vanim-potoana fotsiny ilay izy. Ary avy eo rehefa tonga izany, ka hitany ilay—ilay ivelan'ny voajanahary nihetsika...Hitanareo? Tsy mahafinaritra ve izany? Mandefa Ny Teniny Andriamanitra, avy eo dia mandefa zavatra iray Izy mba hanohana an'izany, hitanareo. Noho izany, dia manana an'izany rehetra izany isika, ary tokony hankasitraka isika ny amin'izany, tsy mihevitra tahaka an'izany ve ianareo?

⁸⁸ Ankehitriny, nilaza izy tao amin'ny fanambarany, nilaza izy fa izy dia nino fa izaho dia nanana...ny Tenin'ny Tompo no niteny tamin'ny alàlako. Noho izany, dia nalatsany ireo tehiny sy ny sisa, ary lasa izy, ara-dalàna sy salama. Hitanareo?

⁸⁹ Tsy ho niteny an'izany tamin'io lehilahy io aho raha, voalohany, tsy fantatro fa Andriamanitra no niteny an'izany tamiko. Hitanareo? Marina izany. Ary hiezaka aho ny hahitsy fo amin'ny tsirairay avy arak'izay fantatro hoe ahoana. Ary izaho...Raha misy...Hoy Jesosy hoe, "Izay rehetra fatoranareo ety an-tany dia ho fatorana any An-danitra: izay rehetra vahanareo ety an-tany dia ho vahana any An-danitra." Ankehitriny, afaka manao an'izany isika arak'izay avelan'ny Ray. Ankehitriny, enga anie ny Tompo Jesosy hitahy anareo.

⁹⁰ Ary ankehitriny, ho an'ny sasany aminareo izay vahiny eto, raha ny Fanahin'ny Tompo, izay manatrika, raha tsy

mahatsikaritra Izy na milaza na inona na inona mikasika ny mpanatrika, nahoana, na—na, izao hariva izao na olona iray ao amin'ny laharana, izany—izany dia voamarina, sahad, tamin'ny alàlan'ireo olona ireo fa marina izany, satria izao hariva izao...isan'andro...Androany aho dia tsy...Niezaka ny hijanona ho faly fotsiny aho, ary—ary nivavaka, fantatrarao, ary—ary nandehandeha, sy nifaly. Rehefa tonga eo ambanin'ny hosotra aho, dia veriko...Mahavery ara-keviny eo amin'ny roa livatra eo aho isan'andro rehefa—rehefa—rehefa eo ambanin'io hosotra io ianareo. Nahavery aho, mino aho, enina livatra heveriko fa izay ilay izy, na tahaka an'izany, hatramin'ny naha-tao amin'ity fivoriana ity ahy. Noho izany, androany dia niezaka fotsiny aho nampiala sasatra ny tenako, ary nivoaka fotsiny. Izany dia zavatra izay manao amiko, izay manaisotra an'ilay ampahan'olombelona, ary noho izany dia fantatsika fa tsy afaka ny ho velona ela tahaka an'izany ianareo. Ary ankehitriny dia mivavaha ianareo, ary izaho hivavaka, ka avy eo rehefa mandahatra ny olona ao amin'ny laharam-bavaka izahay, Andriamanitra, azoko antoka, dia hihaino vavaka sy hamaly.

Hanondrika ny lohantsika isika.

⁹¹ Ray any An-danitra malala, tena mankasitraka aho izao hariva izao ny manana an'ity tombontsoa ity ho voaisa eo anivon'ity vondron'ny Kristiana ity, ity vondron'olona novonjen'Andriamanitra ity, zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra izay eny amin'ny lalany izao hariva izao ho any amin'io faritra lehibe, sambatra any ankoatry ny kintana io, any ankoatry ny aretina rehetra, olana. Tena mankasitraka aho, Tompo, fa, nohon'ny fahasoavan'i Kristy, dia Ianao no niantso ahy ho rahalahin'izy ireo. Toy ny ahoana no ankasitrahako!

⁹² Ary ankehitriny, Ray malala, tena mankasitraka aho fa tena nijoro vavolombelona tamin'ny olona Ianao hatrany amin'ny voalohany, sy ireo zavatra izay Navelanao ho lazain'ny Mpanomponao mahantra, tsy mahay mamaky teny, izay, maneho fa Ianao no niteny, fa tsy olona mahantra iray, tsy nianatra, fa Ianao no nanao an'izany hiseho hoe ireo lehilahy malaza sy mpanjaka teto an-tany...Ary mino aho fa mbola misy betsaka no ho avy.

⁹³ Ary ankehitriny, Ray, tombontsoako ny tonga eto California izao hariva izao izay andehanan'ireo fivoriana lehibe hatraiza hatraiza. Ny mpanomponao, Rahalahy Freeman, dia any amin'ilay zoron-dàlana any, Fantatrao izay misy azy satria momba azy Ianao. Ary mivavaka aho mba Hanasitrananao maro any izao hariva izao. Ekeo, Tompo, mba ny maro amin'ireo olona mahantra ireo, maro amin'ireo sakaizanay mainty hoditra no ao. Andriamanitra, mivavaka aho mba Hitahiana azy ireo sy hanasitrananao azy ireo izao hariva izao, enga anie ho hariva iray lehibe izany. Ary mandre izahay any amin'ilay tempoly,

ny...[Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]...izay misy ny Mpanomponao, Rtoa. McPherson...[Elanelana tsy voaraki-peo.]...kasiho ny tsirairay avy izao hariva izao amin'ireo olona mahantra marary izay tonga mba ho afahana...[Elanelana tsy voaraki-peo.] Ekeo izany, Tompo.

⁹⁴ Ary manerana an'izao tontolo rehetra izao, dia tsarovy ireo Zanakao rehetra izao hariva izao, sitrano izy ireo, Ray. Tahio ny mpitoriteny tsirairay sy ny tsirairay avy amin'ireo Mpanompovavinao, ary ireo izay miezaka manao ezaka iray mba—mba hahavita zavatra ho Anao ao amin'io saham-pijinjana lehibe io. Tahio izy rehetra.

⁹⁵ Ary avy eo, Ray, tsarovy izahay izao hariva izao ato amin'ity vondrona kely ity izao hariva izao, mivavaka izahay mba ho maro no ho sitrana, maro no ho voavonjy, maro no ho resy lahatra amin'Ny Fanatrehanao, Tompo. Ary enga anie izahay rehetra, ao anatin'izany ny Mpanomponao, sy ireo mpitoriteny rehetra, ary izahay rehetra eto, hiala avy eo amin'ny tokonam-baravaran'ity trano ity izao hariva izao ho Kristiana iray tsaratsara kokoa noho ny naha-izy anay rehefa niditra izahay, miaraka amin'ny finoana Anao betsaka kokoa, ary fitiavana Anao betsaka kokoa, Ray. Ekeo izany, ireo fitahiana tsara ireo.

⁹⁶ Ary raha izany no Sitraponao Masina izao hariva izao, Tompo, hoe raha misy sasany tonga eto amin'ny lampihazo izay kilemaina, ary raha izany no ho Sitraponao, izay inoako fa izany no izy, ny hanome fanasitranana azy ireo avy hatrany ao amin'ny endrika fahagagana iray, eo no ho eo, mba hahitan'ny olona ao amin'ny mpanatrika sy hino miaraka amin'ny finoana lehibe, dia mivavaka aho mba ho tanteraka izany, Tompo. Fa kanefa, raha tsy izany, rehefa mangataka Aminao izahay, dia mino fa mahazo an'izay angatahanay izahay. Ary Ray, mivavaka aho mba Hanomezanao azy ireo finoana lehibe, mba tsy ho diso fanantenana izy ireo, fa hiala eto ho sambatra, mifaly, miandry an'izany amin'ny fotoana rehetra, miezaka ny minitra tsirairay an'ny fiainany handeha tsaratsara kokoa, na mba—mba hahita, na mety ho inona ny olan'izy ireo.

⁹⁷ Ary raha Sitraponao Masina ny hanambara an'ireo tsiambaratelon'ny fon'ny rehetra amin'izy ireo izay nahatonga azy ireo tao amin'io toerana io, dia mitenena amin'ny Mpanomponao manetry tena, Tompo. Indro, mitsangana aho, matoky fa ny Ràn'i Kristy no hanadio ahy ho afaka amin'ny fahotako rehetra, mba ho fantsona iray aho izay Ahafahanao miteny mandritr'ity hariva ity amin'ny Olonao. Henoy ny fivavako, Ray, raha mangataka an'izany amin'ny fahatsoran'ny foko rehetra aho, amin'ny Anaran'Ny Zanakao, Jesosy. Amena.

⁹⁸ Ankehitriny, ry sakaiza Kristiana malala, tiako ianareo rehetra eo hivavaka miaraka amiko. Ianareo rehetra, maro aminareo angamba no tsy ho ao anatin'ny laharam-bavaka, ary,

izay te-ho ao anatin'ny laharam-bavaka; izaho—maniry aho ny ho—ny ho afaka. Raha mitohy manorina ny finoana, dia mino aho fa hanandrana zato isika, angamba, rahampitso hariva, raha sitraky ny Tompo. Ary avy eo raha afaka hanohy miaraka amin'ny zato isika, raha tsy misy fahaiza-mamantatra be loatra, amin'izay fotoana izay dia afaka manao azy ho mety tsara aho, hitanareo. Fa izaho . . . Ao—ao amin'izany, rehefa tonga izany, dia misy zavatra maro fotsiny . . .

⁹⁹ Ankehitriny, rehefa manomboka mitendry an'io mozika io eo mihitsy izy, dia afaka manomboka mahatsapa an'Izany midina aho. Eo Izany. Hitanareo?

¹⁰⁰ Jereo, ry sakaiza Kristiana, tsy fantatro hoe aiza izy ireo . . . no misy ny iray amin'ireo sary ireo. Fa efa nahita an'izany ianareo, ianareo rehetra, sa tsy izany? Ny ankamaroanareo dia efa nahita ny sarin'Izany, ery aoriana ery izany eo amin'ilay toeram-pandraisana. Efa voaporofon'ny tontolo siantifika fa Anjelin'Andriamanitra iray Izany tamin'ny alàlan'ireo mpandinika tsara indrindra izay ananan'i Amerika, ny FBI.

¹⁰¹ Ankehitriny, eto amin'ny lampihazo Izy ankehitriny. Marina izany, ry sakaiza malala, tsy fantatro hoe ahoana no hanaovana anareo hino an'izany, fa izany—marina izany. Ary raha tsy hijery an'ilay lehilahy ianareo, ny rahalahinareo, fa raha hijery an'izay resahako ianareo, ny Tompo Jesosy, sy Ny Anjelin'ny manasitrana eto amin'ny lampihazo . . .

¹⁰² Mino ve ianareo fa manana an'ireo Anjelin'ny fanasitrana nirahina Andriamanitra? Inona ilay teo amin'ilay menarana varahina tamin'izany? Inona ilay teo ambonin'ny ranon'ny dobon'i Betesda raha tsy Anjely iray no nidina avy tany Andanitra. Hitanareo? Hitanareo? Tsy izaho no fanomezam-pahasoavan'Andriamanitra, fa ny Anjely no fanomezam-pahasoavan'Andriamanitra; Avy tany An-danitra Izany, izaho avy tamin'ny tany. Ary nidina avy tany An-danitra Izy mba hanarona, na hitafy fanaka iray an'ny tany mba hiresahana amin'ny olon'ny tany, hitanareo, mba—mba izy ireo . . . hinoanareo Azy, tsy izaho, Izy izay resahako, ary amin'ny fanaovana an'izany, dia hanasitrana anareo Andriamanitra.

¹⁰³ Ndao isika hiantso ny laharam-bavaka antsika ankehitriny. (Inona—inona—inona ireo nomerao, na, ireo litera sy nomerao nozarainao, anaka? Iraika amby dimampolo hatramin'ny zato. Ary inona ilay litera? U. Mbola ao amin'ny U foana.) Eny àry. Iraika amby dimampolo hatramin'ny zato. Ndao jerentsika ankehitriny, firy . . . ? Ndao jerentsika, eto ve ny iraiika amby dimampolo, karatra fangataham-bavaka? Aoka ny olona iray hanangana, atsangano fotsiny ny tanaanareo izay manana iraiika amby dimampolo, karatra fangataham-bavaka. Eo mihitsy, iraiika amby dimampolo, karatra fangataham-bavaka? Misy roa amby dimampolo ve eto? Eny àry. Telo amby dimampolo

eto? Ankehitriny, izany—tahaka an'izany no ahatongavanareo. Ankehitriny, tahaka an'izany fotsiny no—no hitondrana azy ireo. Ankehitriny, afaka aho . . .

¹⁰⁴ Raha tianareo, dia afaka hitondra an'ireo olona ireo eto isika, ary Andriamanitra no hiteny marina tokoa an'izay tsy nety tamin'izy ireo, na afaka hiantso anankiray avy amin'ny mpanatrika aho, na olona iray tsy manana karatra fangataham-bavaka, eto ny hosotra, manatrika eto ny hosotry ny Fanahy Masina ankehitriny mba hanasitrana.

Ankehitriny, firy . . . ? Ankehitriny, antsoy . . . Ndao jerentsika, firy no tokony . . . ? Nahoana, afaka miantso an'ilay vondrona manontolo indray mandeha isika.

¹⁰⁵ Manàna finoana ianareo rehetra. Tsarovy ankehitriny, ianareo izay ho avy, tongava eto avy hatrany, ary rehefa mandalo eto ianareo, dia minoa fa ho sitrana ianareo. Ary ny sisa aminareo, mahazoa toerana vetivety fotsiny. Ary ilay ramatoa ao amin'ny—ny fandrian'ny marary, ianao dia manana karatra fangataham-bavaka iray, ihany koa, ranabavy, sa tsy izany? Hah?

¹⁰⁶ Vetivety fotsiny, vao avy niteny tamiko ny zanakolahy . . . Ankehitriny, ireo izay miaraka amin'ny fandrian'ny marary sy seza misy kodiarana sy ny sisa izay hantsoina ao anatin'ny laharam-bavaka, raha hilahatra eto mihitsy ianareo rehefa izaho . . . miantso ny nomeraonareo izahay, hidina aho hivavaka ho anareo, tsy voatery hitondra anareo eo amin'ny lampihazo akory aza izahay raha tsy tianareo ny ho tonga, na raha tian'izy ireo ny hampakatra anareo . . .

Hitako fa ilay ramatoa kely eto dia manana ny—ny . . . Toy ny hoe mipetraka ao anatin'ny seza iray izy.

¹⁰⁷ Ankehitriny telo amby dimampolo, efatra amby dimampolo, dimy amby dimampolo, enina amby dimampolo, fito amby dimampolo, valo amby dimampolo, sivy amby dimampolo, enimpolo. Milahara avy hatrany ianareo eto, ao amin'ny—ao amin'ny laharana ara-isa arak'izay maha-izy anareo mihitsy. Eny àry. Eny àry, enimpolo. Izany ve mikasika . . . ?

¹⁰⁸ Eny àry, vetivety fotsiny, mino aho fa misy zavatra tsy mety any ho any. Oh, olona iray haka ny . . . Ilay zazavavy kely, izy ve . . . ? Andraso vetivety fotsiny. Mila olona iray ve hitondra azy eo? Avelao hipetraka eo fotsiny ilay zavatra kely. Manana karatra fangataham-bavaka iray ve ianao, malala? Manana zò hivavahana ianao. Vetivety fotsiny, avelao izy hipetraka eo ao anatin'io seza io.

¹⁰⁹ Inona no heverinao mikasika an'izao, ry malalan'ny fo? Mino ve ianao fa izao no fahamarinana? Inona no iheveranao an'io fihetseham-po hafahafa izay tonga eo aminao ankehitriny io? Ny Fanahy Masina izany, sa tsy izany? Mino an'izany ianao, sa tsy izany, malala? Mino ve ianao fa izay notenenin-dRahalahy

Branham dia ny fahamarinana, hoe ilay Anjelin'Andriamanitra no naniraka ahy hahafantatra an'ireo zavatra ireo? Mino an'izany ve ianao? Hitako fa ianao dia—kilemaina ianao na zavatra iray, mino aho fa manana rantsam-batana anankiray notapahina ianao. Marina ve izany? Marina ve izany? Eny, izany dia. . . Tsy mahafantatra anao aho, sa tsy izany, malala?

¹¹⁰ Niditra teo ny rahalahy iray, ary hitanao, nivoaka ilay izy, karazana, ilay fahitana. Iray minitra fotsiny ankehitriny, aoka ny olona rehetra hanaja indray iray segondra fotsiny.

¹¹¹ Ankehitriny dia mijere mankaty indray, ry malala, te-hifandray fotsiny aho. Hitanao, misy olona maro eo miezaka ny hino, ary izany dia. . . Ankehitriny, eny, ah-hah. Ianao dia manana ny. . . ianao dia manana. . . Homamiadana iray no nanao an'ilay izy, sa tsy izany, malala? Raiso. . . ary nanapaka ny ranjonao. Mbola ao amin'ny rafitrao foana, mbola mandeha manerana foana. Tsy marina ve izany? Hivavaka ho anao aho izao ankehitriny izao, malala.

¹¹² Ry Rainay any An-danitra, io zazavavy kely mahantra mipetraka eo io, mino aho fa hamela azy ho velona Ianao, Andriamanitra Malala. Mamindrà fo amin'ilay ankizy, zavatra kely, maha-te-ho tia. Ekeo ny fahasitranany izao ankehitriny izao. Mivavaka an'izany fitahiana izany aho, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra. Amena.

¹¹³ Andriamanitra hitahy anao, malala. Mino ve ianao fa ho mety tsara ianao ankehitriny? Mino ve ianao? Manaiky an'izany ve ianao ankehitriny? Andriamanitra hitahy anao, mahafinaritra izany. Izany ianao. Marina izany, nihaona taminao Izy.

[Hoy Rahalahy Billy Paul Branham hoe, “Dada?”—Mpand.]
(Am-ham?)

[“Ireo olona rehetra eo ireo, nefa misy eo amin'ny roapolo amin'izy ireo fotsiny no tonga. Izy rehetra ireo, U, iraika amby dimampolo hatramin'ny zato, ny tsirairay avy amin'izy ireo.”]

(Inona no lazainao?)

[“Mila U aho, iraika amby dimampolo hatramin'ny zato, nefa misy eo amin'ny roapolo eo fotsiny ihany eo.”]

(Oh. Oh, eny àry.)

¹¹⁴ Iraika amby dimampolo ka hatramin'ny zato, milahara, manomboka amin'ny iraika amby dimampolo ka hatramin'ny zato, milahara eo amin'itsy lalana itsy. Ny tsirairay aoka hanaja fotsiny arak'izay vitanareo, minoa amin'ny fonareo rehetra.

¹¹⁵ Inona ilay izy, tompoko? [Miresaka mikasika ny karatry ny zazavavy kely ny rahalahy iray—Mpand.] Oh, eny. Tsy manasitrana izany, izany fotsiny. . . Fa tena mino amin'ny foko rehetra aho. . . Tsy afaka nahita aho, tena nifindrafindra ny olona. Hanakaiky kokoa an'ilay zazavavy aho alohan'ny. . . Mino

aho fa izaho... Inona...? Rehefa sitrana izy ireo, dia mahita Hazavana fotsy iray aho. Io Hazavana iray io ihany no mandeha manodidina ka mitahy fotsiny, tahaka ny tso-drano iray Izany, hitako Izany. Ary mino aho fa ho mety tsara ilay zazavavy kely. Mino aho fa mety tsara izy, ranabavy. Hitanareo? Mino aho fa tsy manana na inona na inona ahiana ianao, malala, ho salama ianao.

¹¹⁶ Eny àry. Ankehitriny, ny tsirairay avy... Ankehitriny, izy ireo dia karazan'ny, angamba kely iray... Ankehitriny, ireo mpampiditra olona dia hahita fa tonga amin'ny laharana ara-isa izy ireo, satria tsy fantatro fotsiny hoe ho toy ny ahoana ireo zavatra ireo. Izaho fotsiny dia tsy maintsy ho—ho... arak'izay androsoan'ny Tompo.

¹¹⁷ Ankehitriny, ny olona rehetra aoka hanaja ankehitriny. Ankehitriny, firy ery aoriana ery ao amin'ilay laharam-bavaka, ankehitriny, no hino amin'ny fonareo rehetra fa—fa ianareo dia—fa ho salama ianareo? Minoa an'izany amin'ny fonareo rehetra, hoe ho salama ianareo. Mametraka ny tenanareo amin'ny Tompo Jesosy ve ianareo ankehitriny, ka manao hoe, “Manaiky Anao aho ankehitriny, ry Raiko any An-danitra, ho Mpanasitrana ahy. Ary nohon'ny Fahasoavanao izao hariva izao, tsy mampaninona izay mitranga, rehefa mandalo eo amin'io laharam-bavaka io aho, dia manaiky an'ireo Fitahiana. Ary mino aho fa rehefa mipetraka eo amiko ireo tãnana dia ho salama aho. Tsy hanana fijoroana vavolombelona negatifa intsony mihitsy aho, hino ny Tompo aho”? Hanangana ny tãnanareo ve ianareo, hanao hoe, “Mino an'izany aho, ary miaiky an'izany aho ankehitriny”? Andriamanitra hitahy anareo.

¹¹⁸ Ankehitriny, nilaza tamiko ny olona iray indray mandeha, tsy tamiko, fa tamin'ny rahalahy iray hafa, mpi—mpitoriteny iray no nanafika azy, nanao hoe, “Oh, henatra iray izany! Miteny amin'ny olona Izy mba handeha hino alohan'ny nitrangan'ny zavatra iray.”

¹¹⁹ Ahoana no hahasitrana anareo raha tsy amin'ny finoana? Abrahama dia nino an'Andriamanitra fa Izy dia hamela azy hahazo zaza iray avy amin'i Saraha, nefa tsy nitranga mihitsy izany nandritry ny dimy amby roapolo taona, ary niha-natanjaka kokoa hatrany izy nino fa nitranga izany. Ary isika no zanak'i Abrahama. Marina ve izany?

¹²⁰ Eny àry. Ankehitriny ny olona rehetra aoka hanaja fotsiny arak'izay vitanareo. Ankehitriny, angamba ny Fanahy Masina... Vetivety fotsiny. Ankehitriny, angamba Izany dia hanome fa—famantarana kely iray fotsiny mandra-pahafahako miditra ao anatin'ilay hosotra lalina, vetivety fotsiny, ary—ary avy eo... mba ahafahan'ny olona mandalo. Ary mino aho fa raha handalo izy ireo ka hino fotsiny, toy ny hoe miditra

ao anatin'ny dobon-drano, dia eto amin'ny lampihazo ilay Anjelin'ny Tompo, ary Hataony izany.

Ndao isika hivavaka ankehitriny.

¹²¹ Ray, Ianao no mahafantatra ny zavatra rehetra, izaho tsy mahafantatra na inona na inona. Fa izahay—mivavaka izahay mba Mahatongavana ankehitriny ao amin'ny famangiana lehibe iray sy hitahy ny Olonao, ka hiresaka amin'izy ireo, Tompo, izao ankehitriny izao, ary hanasitrana azy ireo. Ary enga anie Ianao hanome fanehoana iray fa eto Ianao, ary dia . . . miaraka amin'ny Mpanomponao. Ekeo izany, Tompo. Ary enga anie ho sitrana ny tsirairay avy. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena. Amena.

Eny àry, aoka ho ao amin'ny vavaka ankehitriny. Ary raha sitrakareo . . .

¹²² Ankehitriny, ento ny, ny mararinareo. Vetivety fotsiny ankehitriny. Ankehitriny, tsy fantatro marina tokoa hoe inona. Manao ahoana, ramatoa? Somary hakariko ity mba handalovan'ireo marary, fantatrao, nahoana, izy ireo dia—izy ireo dia afaka ny—ny handre, ny tiako lazaina dia ireo olona eo ireo dia handre an'ireo marary, hitanao, izany no tiako lazaina. Ary ianao dia, tonga mba hivavahana ianao. Ary ianao dia, angamba, te-hahafantatra zavatra kely mikasika ny tenanao, satria aho—aho—tsapako fa misy, izany dia zavatra iray izay irianao ho fantatra, ireo—ireo toeranao.

¹²³ Mikorontan-tsaina ianao, sa tsy izany? Mikorontan-tsaina tafahoatra. Ianao ve tsy efa nahavery lanja kely mihitsy, ihany koa? Mahita ramatoa iray mitsangana eo anoloako aho izay mavesatra kokoa noho ianao. Ary, hono ho'aho, tsy mpitoriteny iray ve ianao, na zavatra tahaka an'izany an'ny Teny? Tsy mampianatra ve ianao, na zavatra tahaka an'izany? Eny, izany no noheveriko fa naha-izy anao. Ah-hah. Mino ve ianao ankehitriny? Mihenjana tanteraka ianao isan'andro. Ilay izy dia, ianao no nametraka ny tenanao tao anatin'ny fanerena iray; efa nandalo an'ilay fanerena kely mihitsy ianao, na ahoana na ahoana. Nanomboka nanahy ianao vao tsy ela akory izay, ary toy ny hoe nisy zavatra nitranga taminao izay nahatonga anao ho, nihenjana tanteraka mihitsy. Ankehitriny, izany dia tsy inona afa-tsy ny devoly izay miezaka misakana anao, ankehitriny, Satana no miezaka manozona anao sy manipy an'izany eo anatrehanao. Ary satria . . . Tsy tokony hanaiky an'izany ianao, tsy maintsy arianao izany ary—ary minoa ankehitriny. Izany ve no fahamarinana? Eny, avia eto vetivety fotsiny.

¹²⁴ O Ray, misaotra Anao aho nohon'ny Famindramponao sy ny fahatsaram-panahinao, ary mivavaka Aminao aho mba hanasitrana ny anabavy malalanay izao ankehitriny izao.

¹²⁵ Ianao ry demony, mialà amin'ilay vehivavy, mivoaha aminy, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, mialà aminy!

126 Jereo eto ankehitriny, ranabavy, manaiky an'izany ve ianao ankehitriny? Eny ary. Mandehana mifaly sy sambatra, ary midira ao amin'ny asan'ny Tompo.

127 Ndao isika hanao hoe, “Deraina ny Tompo,” ankehitriny. Ilay ramatoa—ho mety tsara ilay ramatoa, ho mety tsara izy.

128 Vetivety fotsiny ankehitriny. Ankehitriny, mitsangana eto anilako eto misy olon-kafa iray mitsangana. Ankehitriny ny tsirairay avy fotsiny . . .

129 Avia eto, tompoko. [Hoy ilay rahalahy hoe, “Tompoko, inona no tsy mety amiko?”—Mpand.] Tompoko? [“Tompoko, inona no tsy mety amiko?”] Eny ankehitriny, raha hijery aty fotsiny ianao ka hino ahy ho mpanompon'Andriamanitra . . . Ankehitriny, isika dia—vahiny isika ao amin'ity diam-piainana ity, izaho—tsy mahafantatra anao aho, ry rahalahiko, afa-tsy ny hoe mitsangana eo fotsiny ianao. Ary hitako fa rehefa nanatona ianao, dia misy fanahin'ny fiarahabana iray. Ary ianao dia mijaly, ihany koa. Marina izany. Ary ianao—tratra ny aretim-bavony ianao, sa tsy izany? Eny, tompoko, marina izany, mijaly ianao. Mahita sakafo tonga eo anoloanao aho ary avy eo dia lasa, noho izany dia fantatro. Hono ho'aho, ianao ve tsy mpitoriteny iray, ihany koa? Ianao dia mpitoritenin'ny Filazantsara, ihany koa. Tsy marina ve izany? Eny, tompoko. Ary—ary ianao dia—mpino iray ianao, sa tsy izany, rahalahy? Ary te-ho sitrana ianao, sa tsy izany? Avia eto iray minitra fotsiny ankehitriny, rahalahy.

130 Ry Rainay any An-danitra, mihazona ny tanao eo amin'ny Mpanomponao aho izao hariva izao, Tompo. Ary ny Baiboly no nilaza fa raha mametra-tanana amin'ny marary izy ireo dia ho sitrana ireny.

131 Satana, avotsory ity lehilahy ity, miezaka mamatotra azy ianao, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, mialà amin'ilay lehilahy!

132 Ankehitriny, ry rahalahiko, ny nahatonga ny aretim-bavoninao dia zavatra iray mitovy amin'ilay ramatoa izay vao avy nandalo, aretin'ny fikorontanan-tsaina iray izany. Efa nikorontan-tsaina nandritry ny fotoana fohy ianao, ary vao haingana dia ratsy noho ny hatramin'izay ilay izy. Tsy marina ve izany? Eny tompoko. Ary avy eo dia nanana olana betsaka ianao izay nahatonga an'io, sy ny sisa. Ankehitriny, mandehana avy hatrany ianao . . . Niteny taminao ny fahamarinana aho. Marina ve izany? Mpitoriteny iray ianao. Atsangano ny tananao raha marina izany. Izany—marina izany. Eny ary. Ankehitriny ianao . . . Tsy misy fomba ahafantarako an'izany, afa-tsy amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy irery ihany. Marina ve izany? Tsapanao, ankehitriny, satria mpi—mpitoriteny iray an'ny Filazantsara any, dia tsapanao fa misy zavatra hafahafa mihitsy eto, na, fihetseham-po iray an'ny—an'ny fitiavana, ary . . . Marina ve izany? Ankehitriny, mba hahitan'ny olona fa marina izany, dia atsangano ny tananao. Hia.

¹³³ Ankehitriny, izany ilay Anjelin'ny Tompo izay ity mpitoriteny ity no vavolombelona, an'izay Noteneniny taminy. Ankehitriny, inona indray izao, ny Fanahin'ny Tompo? Andriamanitra any An-danitra no mahafantatra fa tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an'ilay lehilahy aho afa-tsy...Fa mitsangana eto amin'ny lampihazo izao ankehitriny izao, raha nanatona izy, dia nahatsapa fanahin'ny fiarahabana iray aho. Hoy aho hoe, "Mpino Kristiana iray ianao." Ankehitriny, izany ilay Fanahy iray ihany izay nilaza tamin'ny alàlan'ny Tompotsika tamin'i Natanaela hoe, "Indro ny Isiraelita iray tokoa, mpino iray, Isiraelita iray izay. . ."

Dia hoy izy hoe, "Oviana no Nahafantaranao ahy?"

¹³⁴ Ary eto, hitako izy, ny olany, ireo zavany sy ny aretim-bavoniny, sy ny sisa, izay marina, mahatsapa ny vavolombelon'ny Fanahy izy. Izany ve ilay Fanahy iray ihany izay nampanantenain'i Jesosy Kristy Tompo antsika fa ho eto amin'ny andro farany?

¹³⁵ Andriamanitra hitahy anao, ry rahalahiko. Mandehana dia ho lehilahy salama iray ianao. Ary Andriamanitra hitahy anao, ary aoka. . .

Ndao isika hanao hoe, "Deraina ny Tompo," ny olona rehetra, ary minoa amin'ny fonareo rehetra fa eto Andriamanitra hanao an'ireo rehetra izay mino ho salama.

¹³⁶ Eny àry, avia ankehitriny, ranabavy. Inona no ho lazainao raha niteny taminao aho fa sitrana ianao mipetraka ao anatin'ilay seza? Izany ianao, ranabavy. Zory ny lalanao ary mifalia ka aoka ho sitrana. Amena.

¹³⁷ Ankehitriny, mba ahafahan'ny mpanatrika hahazo, ny sasany amin'ireo olona. . .Tiako ny sasany aminareo tsy manana karatra fangataham-bavaka eo mba hijery aty, tiako ianareo hino.

¹³⁸ Ilay anabavy kely izay nandalo teo fotsiny ary nijaly tamin'io diabeta sy ny karazany io, ho mety tsara izy ankehitriny, ilay tsy fahampian-drà.

¹³⁹ Ankehitriny, manàna finoana fotsiny. Andraso ankehitriny, mijery ahy eo ambonin'ny fandrian'ny marary iray ny ramatoa iray eto. Ankehitriny, ramatoa, te-hifandray aminao amin'ny alàlan'ny firesahana aminao fotsiny aho. Tsy manana karatra fangataham-bavaka ianao, ary vahiny ianao, ary tsy mahafantatra anao aho, fa mijaly amin'ny aretin-kozatra ianao. Tsy marina ve izany? Izany dia manao anao ho kilemaina, ihany koa. Tsy marina ve izany? Ary ankehitriny, raha hino amin'ny fonao rehetra ianao, ary rehefa ireo fahagagan'Andriamanitra, na, ireo zavatra no manomboka mitranga eo amin'ny lampihazo, raha izaho no teo amin'ny toeranao, dia mino aho ka hilaza aho hoe, "Jesosy Kristy, manaiky Anao aho ankehitriny." Misy lehilahy iray eto izay misintona eo am-pitan'ilay ramatoa

mipetraka eto ao anatin'ny seza misy kodiarana iray mihitsy ka tsy afaka mahita an'izay mitranga aho. Fa izaho—mino aho fa raha manaiky Azy amin'ny fonao rehetra fotsiny ianao, dia hamaha anao Andriamanitra, ary afaka hitsangana ianao ka hivoaka ny tranobe ary ho olona salama iray. Eritrereto izany ankehitriny. Miezaka ny hanana finoana ianao, sa tsy izany? Miezaka ny hanana ianao. Ianao dia manana faniriana iray ao am-ponao, ihany koa, sa tsy izany? Mahita fandehananana akaiky miaraka amin'Andriamanitra aho, mba handehananana akaiky kokoa, amin'ny Alàlany, mahita an'izany eo amboninao aho, aloka iray toy ny misintona manodidina eo amboninao.

¹⁴⁰ Olon-kafa iray fotsiny no nanao ny... Vetivety fotsiny ankehitriny, mihetsika ny Fanahin'Andriamanitra. Mino aho fa ilay ramatoa mipetraka mihitsy ilay izy, na, ilay lehilahy, na ny iray, eto mihitsy, tsia, mino aho fa ilay ramatoa ery aoriana ery eo amin'io seza io ilay izy. Misy zavatra tsy mety ao, rà, sa tsy izany, ranabavy? Tsy ny tsy fahampian-drànao ve na zava... Hia, eo mihitsy. Tsy marina ve izany? Mitsangàna. Jesosy Kristy no manao anao ho salama. Izany... Amena. Ilay ramatoa mihitsy... Eny.

¹⁴¹ Misy anankiray hafa aoriany mihitsy, ihany koa. Marina izany. Mitsangàna, ramatoa. Marina izany. Ho afaka amin'izany ianao.

¹⁴² Andraso iray minitra ankehitriny, ilay ramatoa, ny sakaizanao mipetraka eo akaikinao eo, aretin'ny homamiadana, eny àry, mitsangàna, ranabavy. Hanao anao ho salama amin'io homamiadana io ny Tompo Jesosy raha mino fotsiny ianao. Amena.

Ankehitriny ny olona rehetra aoka hanaja arak'izay vitanareo ankehitriny. Eny àry, ry tovolahy, ento ilay ramatoa.

¹⁴³ Mpino iray ve ianao, ranabavy? Mino ve ianao fa eto ny Fanahy Masina ankehitriny? Mino ve ianao fa izay tsapanao dia Izy? Izaho—mitso-drano anao aho, ranabaviko, ho an'ny fahasitrananao, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Mandehana ary aoka ho salama. Andriamanitra hitahy anao.

Manàna finoana ankehitriny, ny tsirairay avy minoa amin'ny fonareo rehetra.

¹⁴⁴ Ankehitriny, ranabavy kely, ahoana no tsapanao mikasika an'izany izao tolakandro izao? Mpino iray ve ianao? Mino ve ianao fa—fa Andriamanitra no naniraka ahy hanao an'izao ho anao? Ianao—mino marina tokoa an'izany amin'ny fonao rehetra ve ianao? Mino ianao. Inona no heverinao raha afaka aho, tsy mahafantatra na inona na inona mikasika anao, hiteny aminao an'izay tsy mety aminao? Hahafinaritra, sa tsy izany? Jereo ankehitriny, mba ahafantaranao an'izao ho azo antoka, efa tahaka an'izany ianao nandritry ny fotoana fohy, sa tsy izany? Marina izany, hatramin'ny fahakely. Ary mazava ho azy

ankehitriny, ny masonao dia astigmatisma, izany no mahatonga an'izany, tsy tena mahita tsara ny masonao. Izany no zavatra anankiray izay tsy mety aminao, tsy izany ihany. Avy eo ianao, koa... Hitako fa—fa tsy nahafa-po ny tenanao tamin'ny fomba izay niezahanao hanompo an'Andriamanitra mihitsy ianao, nila fandehanana lalina kokoa niaraka tamin'Andriamanitra foana ianao, satria mahita aloka iray manaraka ny lalanao aho. Ianao dia mijaly amin'ny aretim-po, ihany koa, (Tsy marina ve izany?), izany no manelingelina anao. Tsy marina ve izany? Ankehitriny, ahoana moa raha...? Izany ve no fahamarinana? Efa niteny ny fahamarinana taminao ve aho?

¹⁴⁵ Ankehitriny, hanaiky ny teniko amin'ny mahanompon'Andriamanitra ve ianao? Raha izany... Raha fantatro izay efa nisy tao amin'ny fiainanao, dia fantatro ve izay hisy ao amin'ny fiainanao? Hilaza ve ianao ankehitriny eo anatrehan'Andriamanitra fa mandray Azy ho Mpanasitrana anao ianao, ka handeha miaraka amin'ny lohanao mitraka, sy hifaly, sy hidera an'Andriamanitra, ary hiaina akaiky Azy arak'izay vitanao, ka ho vehivavy salama iray? Tianao ve ny hanao an'izany? Mandrosoa.

¹⁴⁶ Ry Rainay any An-danitra, mitso-drano an'ity ramatoa tanora ity aho, esory ny zavatra rehetra. Manery mafy izy, Tompo, mankany amin'io tanjona eo io, miezaka ny ho tonga eo. Tapa-kevitra ny handefa azy any amin'ny fasana mialohan'ny fotoana i Satana, fa eto Ianao hanasitrana azy. Mitso-drano azy aho, Tompo, mba hiala aminy io aretim-po io, ary izy dia ho—ho vehivavy salama iray. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

¹⁴⁷ Ankehitriny, minoa an'izany. Eny àry. Afaka manala ny solomasonao mihitsy aza ianao, ranabavy, ka hiala eto amin'ny lampihazo ary ho salama. Ho tahiana ianao.

Ndao isika hanao hoe, “Deraina ny Tompo,” ny tsirairay avy.

¹⁴⁸ Eny àry. Ankehitriny, ny fandrenesany ilay izy. Hitako izany ankehitriny, ao amin'ny... Tena ratsy ny masonao, ho jamba ianao. Ary mino ve ianao fa hanao anao ho salama Andriamanitra? Amin'ny fonao rehetra ve?

¹⁴⁹ Hitanareo, nisy olona iray nitsangana teo, nampisavoritaka ahy arak'izany. Sendra hitako ilay izy talohan'ny nidirany tao mihitsy. Hitako hoe inona...

¹⁵⁰ Ankehitriny, ho jamba ianao. Ary eto Jesosy Kristy hanome anao ny fahitanao, neny. Mino an'izany ve ianao? Amin'ny fonao rehetra ve? Ankehitriny, neny, mety ho antitra kely ianao, saingy tia anao Andriamanitra. Rehefa mihazona ny tananao aho, dia mieritreritra ny reniko malalako manokana any antrano izao hariva izao izay mivavaka ho ahy; mivavaka izy isan-kariva. Ary ny iray amin'ireo fitahian'ny Fetin'ny Reny lehibe indrindra izay azonao raisina izao ankehitriny izao, ankoatry ny—ny famonjenao, izay anananao, izay haha-izy anao,

dia ny ho afaka hahita tsara sy handehandeha indray. Tsy hahafinaritra ve izany? Ankehitriny, ry neny malala, izaho—fantatro fa indray andro any dia hitsangana eo anatrehan'i Jesosy Tompontsika izaho sy ianao. Ankehitriny, hangataka Aminy aho hanasitrana anao, ary minoa fa izay noteneniko mikasika Azy dia ny fahamarinana. Ary tiako ianao hanondrika ny lohanao ankehitriny.

¹⁵¹ Ry Raiko, raha manankina ny lohany eo amin'ny soroko ny reny malala iray, mitomany, jamba, Satana no nanao an'io ratsy io taminy, nihena ireo hozatra tao amin'ny masony, ary lasa jamba izy. Fa eto Ianao mba hamerina ny fahitany, Ray. Mitsangana tena am-panetre-tena sy manaiky izy izao hariva izao, mieritreritra an'i Saraha fahiny aho, nieritreritra an'i Bartimeo jamba teo amin'ny vavahady, ilay lehilahy izay Nanaovanao rora tamin'ny tanimanga ka nanosotra ny masony. Ary ankehitriny, Ray, raha teto Ianao izao hariva izao tao anatin'ny vatan'ny nofo iray mipetraka eo anivonay, dia ho nihazakazaka izy, nanankina ny lohany teo amin'ny Sorokao, ho nitso-drano azy Ianao, Ray malala. Ary fantatro ny... Tena mpisolo mahantra iray aho, fa, Andriamanitra Malala, raha nitady ny fahamarinana Ianao, dia aiza no ho hita izany? Noho izany Ray, mitso-drano azy aho, mba Hanomezanao azy ny fahitany indray. Amin'ny Anaran'Ny Zanakao Jesosy, enga anie hiala amin'ity reny antitra ity io fanahy jamba io, ary enga anie izy ho afaka hahita ankehitriny. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

¹⁵² Ankehitriny, neny, tiako hijery ahy ianao eto. Mahita ahy ve ianao? Mahita ahy tsara ve ianao? Tiako ianao hametraka ny rantsan-tànanao eo amin'ny oroko, mba hahafantaranao fotsiny fa izaho... Afaka mahita ny rantsan-tànao ve ianao? [Hoy ilay anabavy hoe, "Afaka mahita amin'ny ampahany aho, na izany aza."—Mpand.] Eny àry, afaka mahita ny rantsan-tànao ve ianao ankehitriny? ["Oh, eny."] Afaka mahita azy ireo ve ianao? Firy no natsanganako? ["Iray."] Eny, firy ankehitriny? ["Roa."] Eo ianao izao, neny, mahazo ny fahitanao ianao.

¹⁵³ Inona no nitranga, Satana, fanahy jamba iray... Ankehitriny, hoy ny Baiboly hoe, "Rehefa ny fanahy marenina sy moana..." Ankehitriny, hilaza ny dokotera fa ilay izy dia—ilay izy dia ny ampongan-tsofinao no lasa maty, na ny masonao no lasa maty, ireo hozatra, fantatrao. Fa henoy, inona izany, ny zavatra tokana lazainy, dia ilay hozatra no lasa maty. Fa inona no nanao azy ho faty? Nisy zavatra nihazona azy tamin'ny fomba ivelan'ny voajanahary, tsy maty nanerana ny vatanareo rehetra izany, maty teo fotsiny izany. Eny ary. Ankehitriny, raha nametraka fatotra mangarahara iray manodidina ny tànako aho, mihazona azy tahaka an'izao, manakatona ny fikorian'ny rà. Hitanao? Eny noho izany, ny menaka fanosotra rehetra izay hapeetrako eo amin'ireo rantsan-tànao dia tsy hanampy

an'izany, ny zavatra hatao dia ny manaisotra an'izany mba ahafahana ny natiora hikoriana indray. Marina ve izany? Eny, ilay herin'ny—ny fahitana, ilay hoza-maso, dia tsy nikoriana teo amin'ny masonao satria vatana iray ivelan'ny voajanahary, demony iray, fanahy jamba iray no nahazo ny hozatrao ka nihazona an'izany. Hitanareo? Lasa izy ankehitriny, izany no antony ahafahanao mahita tsaratsara kokoa.

¹⁵⁴ Ho mety tsara ianao. Afaka mahita tsara ve ianao ankehitriny, eny àry? Hitanao...? Milaza izy fa mahita tsara ankehitriny. Andriamanitra hitahy anao, ry neniko. Mialà eto amin'ny lampihazo irery, mifaly sy midera an'Andriamanitra. Ndao isika hanao hoe, “Ho an'Andriamanitra ny dera.”

¹⁵⁵ Manao ahoana, ranabavy? Mandrosoa. Ianao dia te-ho sitrana amin'ny masonao, ihany koa, sa tsy izany. Mino an'Andriamanitra ve ianao? Raha afaka nanao an'io vehivavy izay saiky tena jamba io Izy, ary ilay anankiray omaly hariva jamba tanteraka, dia afaka manome anao ny fahitanao ve Izy, ranabavy? Ankehitriny, ny tiako hataonao dia ny mino fa Ity izay akaiky ankehitriny ity dia hitahy anao. Ankehitriny, raha hino amin'ny fonao rehetra ianao fa hataon'Andriamanitra izany, dia hikoriana avy hatrany eo aminao Izy ary hanasitrana anao, sy hitahy anao, ary hanaisotra an'izany aminao. Ny masonao dia—dia ho ratsy, miha-ratsy tsy ankitsahatra izy ireo. Tsy marina ve izany? Ilay zavatra iray ihany, izany dia herin-devoly iray, ranabavy, izay mamono... Tsy afaka manao na inona na inona mikasika an'izany intsony ireo dokotera, satria, hitanao, ilay izy dia—tapitra ilay izy, izy mihitsy aza no niteny an'izany. Ankehitriny, rehefa izany... Manakana fotsiny an'ilay ozatra eo izany, ilay oza-maso, ka tsy handalo eo amin'izany intsony ny hery.

¹⁵⁶ Ankehitriny, ilay hozatra dia tsy manakana eo an-tànanao, na—na tsy any an-kafa na aiza na aiza, ao amin'ny masonao izy; raha tao amin'ny sofinao izany, amin'izay fotoana izay dia tsy afaka nandre ianao. Ankehitriny, hilaza ny dokotera fa maty ny hozatra, mazava ho azy fa miasa fotsiny eo amin'ireo taovampanamboloana dimy izy. Fa hoy Jesosy hoe, “Rehefa nivoaka tamin'ny olona ny fanahy marenina,” ny fanahy marenina. “Rehefa nivoaka tamin'ny olona ny fanahy jamba.” Hitanao? Izy... Fanahy iray izany, ivelan'ny voajanahary.

¹⁵⁷ Ankehitriny, mino an'izany eo amin'ny fahefan'ny Tenin'Andriamanitra ve ianao fa nirahina eto aho mba hivavaka ny vavaky ny finoana iray ho anao izay handroaka an'io fanahy io hiala aminao, ka ho salama ianao? Mandrosoa, ranabaviko.

¹⁵⁸ O Andriamanitra, eritrereto, tehina fotsy iray no eny an-tànany eny an-dàlambe. Izao no ora. O Andriamanitra, nahita fahitana iray aho teo fa nilaozan'izy ireo izy ary tsy misy na inona na inona azo atao, saingy afaka manasitrana azy ianao.

159 Satana, mialà amin'ilay vehivavy, ianao fanahy jamba, mivoaha aminy, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy! Amena.

160 Mino ve ianao ankehitriny? Nahoana, esory ny solomasonao ka mandehana. Am-ham.

Indro izy mandeha tsy manao ny solomasony. Ary izy dia . . . Eny àry. Ny tsirairay avy mandrosoa ankehitriny; ny tsirairay avy minoa amin'ny fonareo rehetra.

161 Manao ahoana, ranabavy? Hitako ianao manao solomaso, ihany koa. Eny, madama. Ankehitriny, isika dia . . . Ankehitriny, tiako ianao mba—mba hijery ahy. Ankehitriny, vahiny isika, sa tsy izany, ranabavy? Tsy miezaka aho . . . ampy fotsiny mba ahafahako mahita an'izay tsy mety aminao, ary avy eo dia hanohy avy hatrany isika. Ankehitriny, tiako ny—ny—ny hiresaka aminao mba hifandraisana betsaka fotsiny. Tsia, fa tsy ny masonao no mahaliana anao. Tratry ny aretin-kozatra ianao, sa tsy izany? Tsy marina ve izany? Eny àry. Tiako ianao ho tonga eto vetivety fotsiny.

162 Ry Rainay any An-danitra, namatotra ny anabavinay i Satana, fa eto Ianao hanafaka azy.

163 Avotsory izy, Satana, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, mivoaha amin'ilay vehivavy!

164 Ankehitriny, hankatò ahy ho mpanompon'Andriamanitra ve ianao? Atsangano ny tànanao, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, ajadòny ambony sy ambany tahaka an'izao ny tongotrao. Lasa ilay aretin-kozatra, ianao dia . . . Amena. Ankehitriny, eto . . . ? . . .

165 Tsy henjana intsony izy nohon'ny aretin-kozatra, nanasitrana azy tamin'izany Andriamanitra. Tsy izany ihany, fa ny masony koa dia sitrana, izay astigmatisma, lasa ilay izy, ireo kira-maso tao ambadiky ny maso. Ankehitriny ny tsirairay aoka hanaja sy hino amin'ny fonareo rehetra. Manàna finoana an'Andriamanitra, dia Andriamanitra no hanao an'izany hiseho.

166 Eny àry, ento ilay ramatoa ankehitriny. Eny àry. Manao ahoana ianao, ranabavy? Izaho—hitako fa ianao dia mamaky ga—gazety iray eto, efa, an'ny fijoroana vavolombelon'ilay lehilahin'ny kongresy ao anatiny ao. Nahafinaritra izany, sa tsy izany, neny? Tena mahafinaritra izany. Eny, madama. Manana zavatra maro tsy mety ianao. Tsy marina ve izany? Aretin'ny voa iray no nanelingelina anao nandritry ny ela, aretim-behivavy ratsy sy ny karazany. Ary avy eo ianao dia tratry ny aretin-kozatra, ihany koa, sa tsy izany, ranabavy? Mahita anao miezaka miala eo amin'ny fandriana iray aho amin'ny maraina, lasa henjana ianao amin'ny alina. Tsy marina ve izany? Marina izany. Atsangano ny tànanao. Jesosy Kristy no manao anao ho salama izao ankehitriny izao, ranabavy. Hia. Atontòny ambony sy ambany tahaka an'izao ny tongotrao. Ajadòny izy ireo . . . Aza matahotra. Ahetsiketseho ambony sy ambany tahaka an'izao ny

tongotrao. Ianao dia afaka mahazo ny... Marina izany, neny. Mialà eo amin'ny lampihazo manao hoe, "Misaotra Anao, Jesosy Malala," tapitra ilay izy.

Ndao isika hanao hoe, "Ho an'Andriamanitra ny dera." Sitrana ny anabavintsika. Marina izany. Ankehitriny ny tsirairay avy aoka hanaja raha manatona ianareo.

(Eny àry, vetivety fotsiny. Mamelà ahy haka an'ity anankiray ity indray, raha sitrakareo, eo ambanin'ny fahaiza-mamantatra.)

¹⁶⁷ Izany no tianao ho lazaiko, na ahoana na ahoana. Nanontany ianao. Ankehitriny, aza mikorontan-tsaina, hitanao; efa nikorontan-tsaina nandritry ny fotoana vitsy ianao. Ankehitriny, izao no tsapanao ankehitriny, ranabavy, tsy misy na inona na inona handratra anao Izany, zavatra iray hanampy anao Izany. Hitanao? Izany dia zavatra iray izay hanampy anao, Izany dia ilay Anjelin'Andriamanitra. Izany dia mampahatahotra ny—ny fanahinao, mazava ho azy.

¹⁶⁸ Ankehitriny, mikorontan-tsaina tafahoatra ianao, sa tsy izany? Efa tratan'izany ianao hatramin'ny nahatongavanao teo amin'ny fitsaha-jaza ankehitriny; efa tao anatin'izany nandritry ny fotoana vitsy ianao. Tsy marina ve izany? Marina tokoa. Manana fihetseham-po tena reraka ianao tonga eo aminao. Tsy marina ve izany? Ary zavatra iray hafa, ianao ve tratry ny diabetan-tsiramamy, ihany koa, ao amin'ny rànao? Marina ve izany? Marina izany. Eny àry, aretin'ny voa izay nanelingelina anao, marary sy mandreraka ilay izy. Amin'ny hariva tara, dia mandehana mipetraka ao anatin'ny seza iray ianao mba... Tsy marina ve izany? Andriamanitra hitahy anao, neny. Mialà eto amin'ny lampihazo ary aoka ho salama, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy.

¹⁶⁹ Ndao isika hanao hoe, "Deraina ny Tompo." Eny àry. Ny tsirairay avy aoka hanaja. Iray minitra fotsiny ankehitriny. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]...tahaka ny eo amin'ity mpanatrika ity ankehitriny, ilay izy fotsiny dia tahaka ny karazana feno ronono, karazana hero-dronono iray no mihantona ato amin'ny tranobe. Nahoana, Izany no Fanahy Masina. Ary—ary ry sakaiza, eo amboninareo rehetra mihitsy Izany. Ary afaka ny ho sitrana ianareo raha mino an'Izany fotsiny. Ankehitriny, raha vitako, raha hanampy ahy Andriamanitra, dia hiezaka aho ny hivavaka ho an'ny mpanatrika.

¹⁷⁰ Ary hitako fa manana olona vitsivitsy isika eto ao anatin'ny seza misy kodiarana, ho avy aho ka hivavaka ho anareo. (Ankehitriny, aza avela ho lasa malemy loatra aho alohan'ny ahatongavako eo amin'ireo olona ao anatin'ny seza ireo.)

¹⁷¹ Ankehitriny, ankehitriny, ranabavy, raha mbola eo ambonin'ny fandrian'ny marary ianao, miezaka...Miezaka ny hahita anao aho, raha mety vitako. Tsy fantatro izay

nitranga, misy roa . . . eto anelanelany eto, hitanao, nanao ahy ho voasakana izany. Ankehitriny, miezaha mino amin'ny fonao rehetra.

¹⁷² Ary ianao etsy miaraka amin'ny tehina, ry rahalahiko, ao anatin'ny seza, manàna finoana ankehitriny, minoa amin'ny fonao rehetra.

¹⁷³ Ankehitriny, hanampy ahy hivavaka ho an'ireto olona ireto ve ny tsirairay avy raha mivavaka isika?

¹⁷⁴ Ray, tahio ny anabavy malalanay izao hariva izao, ary enga anie izy ho sitrana ankehitriny, ka hiala amin'ity tranobe ity ho salama. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

¹⁷⁵ Mialà avy eto. Manatòna ianao, ilay anankiray manaraka. Manao ahoana ianao, ranabavy kely? Oh, oadray, izaho . . . Inona no . . . Fantatrareo ve hoe inona ny . . . ? Tianao ve ny hitenenako aminao ny olanao? Fiolahan'ny hazon-damosina ilay izy. Tsy marina ve izany? Eny àry.

¹⁷⁶ Andriamanitra, tahio ity zazavavy kely mahantra ity, ary enga anie izy ho salama, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

Oh! Andriamanitra, tahio ity zazavavy kely ity, Ray. Mivavaka aho mba Hanasitrana azy ka hanao azy ho salama. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

Mino ve ianao fa ho mety tsara izy?

Avia, ranabavy.

Ray, mivavaka aho mba Hitahiana ny anabavinay, ka hanao azy ho salama. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, no angatahako an'izany. Amena.

Andriamanitra hitahy anao, ranabavy.

Eny àry. Avia, ramatoa.

Ray, mivavaka aho mba Hitahiana ny anabavinay ka hanao azy ho salama raha mitso-drano azy aho. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

¹⁷⁷ Manao ahoana, ranabavy? Eny. Ianao—manana finoana ianao, sa tsy izany? Mino ve ianao fa niala taminao ilay aretin-kozatra, ranabavy, efa.

¹⁷⁸ Eny àry. Tahaka an'izany koa ianao, ranabavy. Mandehana, mino amin'ny fonao rehetra ankehitriny ka raiso izany, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo.

¹⁷⁹ Ny tsirairay avy minoa amin'ny fonareo rehetra. Eny àry.

Mino ve ianao fa hiala aminy izany raha mangataka aho?

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, enga anie ho sitrana ilay zaza kely, ary neny, ihany koa.

Mandehana ankehitriny, ho salama izy, hiala aminy ilay aretina, ho mety tsara izy.

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tomponay, mangataka ny fahasitranan'ny anabaviko aho, amin'ny Anaran'i Jesosy.

Andriamanitra hitahy anao, ranabavy malala.

Mino ve ianao, ranabavy, amin'ny fonao rehetra?

Amin'ny Anaran'ny, Jesosy Kristy, mangataka aho mba ho sitrana izy.

¹⁸⁰ Ankehitriny, izany... Avia, ranabavy. Mino Azy amin'ny fonao rehetra ve ianao? Eny àry. Raha hino ianao, dia hamela anao ho afaka amin'ny aretim-po Andriamanitra.

¹⁸¹ Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, no angatahako ny fahasitranany. Amena.

¹⁸² Mino ve ianao, ry rahalahiko?

¹⁸³ O Andriamanitra, mitso-drano ny rahalahiko aho ho an'ny fanasitranana ny vatany. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra. Amena.

¹⁸⁴ Mino ve ianao ankehitriny, rahalahy, amin'ny fonao rehetra? Nisy zavatra nitranga. Tsy maintsy teneniko aminao ity, hitanao, satria ianao—tsy afaka mandresy an'izany ianao raha tsy—raha tsy izaho no miteny aminao. Ary raha miteny aminao aho, dia manaiky ahy ho mpaminanin'Andriamanitra ve ianao? Manana zavatra iray izay ifikiranao ianao, izay tsy navelanao (Tsy marina ve izany?), fahazarana izay anananao ka tsy maintsy avelanao. Marina tokoa. Mandehana. Andriamanitra hitahy anao.

Eny àry. Hino ve ianao, ranabaviko?

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, mitso-drano anao aho, ranabavy, ho an'ny fahasitrananao.

Ary mandehana mino ankehitriny, dia ho azonao ny fahasitrananao.

¹⁸⁵ Eny àry. Mino ve ianao, ranabaviko? Zavatra maro be: sasatra, fitsaha-jaza alohan'ny fotoana, aretin-kozatra, ary izao fotsiny, ihany koa... Tsy marina ve izany? Tena ratsy. Mandehana ary aoka ho sitrana, ranabavy, amin'ny Anaran'i Jesosy Tompontosika.

Eny àry. Avia, ranabavy malala.

Ray any An-danitra, tahio ny anabavinay ka sitrano izy izao ankehitriny izao. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, no angatahako an'izany.

Eny àry. Mino ve ianao, ranabavy?

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, mitso-drano anao aho ho an'ny fahasitrananao.

Mandehana, mifalia ankehitriny, manao hoe, “Misaotra Anao, Tompo Jesosy.”

Eny àry. Mino ve ianao ankehitriny, ranabavy?

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, dia mangataka Azy aho hanasitrana anao izao ankehitriny izao, ka ho salama.

Mandehana manaova hoe, "Misaotra Anao, Tompo."

¹⁸⁶ Ankehitriny, ry mpanatrika, ah, ry olona, ianareo—mandehana misaotra an'Andriamanitra vantany vao miala eto ianareo, manaova hoe, "Misaotra Anao, Tompo. Misaotra Anao, Tompo." Ny olona rehetra aoka hanaja.

Ankehitriny, mino ve ianao, ranabavy?

Amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, sitrano ny anabavinay ho an'ny Voninahitrao. Amena.

¹⁸⁷ Eny àry. Ankehitriny, ranabavy, inona no hevitrao mikasika an'izany? Mino amin'ny fonao rehetra ve ianao? Vetivety fotsiny, ilay izy dia karazan'ny... misy firesahana eo, somary manozongozona ahy kely. Mijere mankaty vetivety fotsiny. Mahita zavatra hafahafa miasa eo aminao aho, izay... Matahotra kely ianao, sa tsy izany? Ianao dia... Eny, ilay izy dia, izany no fotoan'ny fiainana izay misy anao, manana aretim-behivavy iray ianao. Noho izany, ankehitriny dia tiako ianao handeha ka ho sitrana, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

Eny àry. Eny àry. Mino ve ianao, ranabavy?

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, no angatahako ny fahasitranao. Ekeo izany, Tompo.

Mandehana mifaly ankehitriny, sambatra.

¹⁸⁸ Eny àry. Mino ve ianao, ranabavy? Te-hihinana tahaka ny nataonao taloha ve ianao (Tsy marina ve izany?) ary hanana vavony iray tsara indray? Andriamanitra hitahy anao. Mandehana ary ataovy fotsiny izay tianao hatao, amena, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

¹⁸⁹ Eny àry. Te-ho sitrana amin'ilay aretim-behivavy ianao, sa tsy izany, ranabavy, ary ho salama? Mandrosoa. Andriamanitra hitahy anao. Amena.

Ndao isika hanao hoe, "Deraina ny Tompo." (Zara fotsiny aho raha afaka...)

¹⁹⁰ Eny àry. Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Mandehana mihinana an'izay tianao hanina ankehitriny, ary aoka hahery tsara, dia hitahy anao Andriamanitra ka hanao anao ho salama.

¹⁹¹ Eny àry. Avia ankehitriny. Eny àry, rahalahy. Raha mino amin'ny fonao rehetra ianao, dia ho salama ary ho tsara ho anao ny fahitanao.

¹⁹² Andriamanitra anie hitahy ny rahalahinay, amin'ny Anaran'i Jesosy.

¹⁹³ Eny àry. Andriamanitra hitahy anao, ranabavy. Avia ankehitriny. Te-ho salama ianao, sa tsy izany, ho afaka amin'ny aretim-ponao?

194 Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, enga anie izy ho sitrana.

(Ahoana ny amin'izany ankehitriny? Ny olona rehetra... Ahoana hoe? Tianareo hiditra ao ve aho? Io ve izy rehetra, sa mbola misy vitsivitsy amboniny tavela?)

195 Ankehitriny, nametraka an'ireo olona ao anatin'ny seza misy kodiarana izy ireo, hilahatra izy ireo, ary hidina aho, hivavaka ho an'ny sisa amin'izy ireo. Ary manohiza midera hatrany. Ndao isika hanao ny sisa amin'ity laharana ity handalo...?... Hampandalo ny sisa amin'izy ireo izy. Eny àry, ento avy hatrany ilay ramatoa.

Avia, ranabavy malala. Eny àry.

Ray any An-danitra, mivavaka aho mba Hitahianao ny anabavinay ka hanao azy ho salama amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

Efa hafiriana io no teo amin'ny tànanao...?...

196 Avia, ranabavy. Tsy te-hihinana sy ho ara-dalàna tahaka anao taloha ve ianao? Ahoana no hahafantarako fa izany no tsy nety taminao? Tamin'ny alàlan'i Jesosy Kristy irery ihany. Marina ve izany? Ankehitriny mandehana, notahian'Andriamanitra ianao, ary ho salama ianao, ranabavy. Andriamanitra hitahy anao, ranabavy malala. Amena.

197 Eny àry, ranabaviko. Oh, zavatra maro no ijalianao, aretim-po, ary tratry ny aretin'ny fikorontanan-tsaina ratsy.

198 O Andriamanitra Malala, mivavaka aho mba Hanasitrnanao ny anabavinay ka hanao azy ho salama, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena

Eny, izany no antony hoe ny ozatrao...?...

199 Eny àry. Oh, oadray! Rahalahy malala, hitako fa eo amin'ny tehina iray ianao. Inona no hevitrao mikasika an'izany? Mino an'izany ho ny fahamarinana ve ianao? Mino ianao. Ankehitriny, izaho—tsy afaka manasitrana anao aho, ry rahalahiko, fa afaka hahafantatra an'izay tsy mety aminao aho, raha hino ahy ho mpaminanin'Andriamanitra ianao. Mino an'izany amin'ny fonao rehetra ve ianao? Mino ve ianao? Izay tsapanao ankehitriny, ary ny Fanahy eo akaiky, izany dia ilay Anjelin'Andriamanitra.

200 Ny aretinao dia tsy fantatr'olona. Lasa tena malemy fotsiny ianao, sa tsy izany? Miha-malemy fotsiny, tena malemy. Ary mandeha eo amin'io ianao saiky fo—fotoana bitika kely iray, ary avy eo dia mijanona fotsiny ianao ka mipetraka. Marina ve izany? Marina izany. Ahoana no hahafantarako fa nanao tahaka an'izany ianao? Amin'ny alàlan'ny fahitana irery ihany no fomba ahafantarako, satria tsy mahafantatra anao aho. Marina ve izany? Ilay izy dia, ny firafitry ny ozatrao no simba, rahalahy, ao amin'ny taolan-damosinao. Ankehitriny dia avia eto vetivety fotsiny.

²⁰¹ O Andriamanitra, tahio ity lehilahy ity, omeo hery izy, hoy Ianao hoe, “Aoka izay malemy hanao hoe, ‘Mahery aho.’” Ekeo izany, Tompo, raha mitso-drano azy aho. Amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy. Amena.

²⁰² Tiako ianao hiala amin’ny lampihazo, alaivo ny tehinao tranainy ka ario eo izany ary mandehana mody...?...

²⁰³ Eny àry. Avia, ranabavy ary aoka ho sitrana ankehitriny, amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy, amin’ny areti-masonao. Amena. Andriamanitra hitahy anao, ranabavy.

Eny àry. Mino ve ianao, ry rahalahiko?

Amin’ny Anaran’i Jesosy Tomponay, sitrano ny rahalahiko. Amena.

Mandehana mino, rahalahy.

Mino ve ianao, ranabavy?

Amin’ny Anaran’ny Tompo Jesosy, sitrano ny anabaviko.

Mino ve ianao, ranabavy?

Amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy, raiso ny fahasitrananao. Amena.

Amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy, raiso ny fahasitrananao, ranabaviko.

Mandehana, mifaly ankehitriny.

Mino Azy ve ianao ranabavy?

Amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy, raiso ny fahasitrananao. Amena.

²⁰⁴ Deraina ny Tompo! Eny àry, ndao isika rehetra hanao hoe, “Deraina ny Tompo.” Atsangano fotsiny ny tàmantsika ka derao Izy. Eny àry. Ankehitriny, misy vondron’olona iray eto ao anatin’ny seza misy kodiarana izay tsy mbola vitantsika. Ankehitriny, tiako ny olona rehetra hivavaka miaraka amiko. Ankehitriny, ireto olona ireto dia tsy manana karatra fangataham-bavaka, ary hidina fotsiny aho hivavaka ho azy ireo, na ahoana na ahoana, satria izy ireo—mipetraka eto izy ireo; ny sasany amin’izy ireo, heveriko fa ny iray na roa no manana karatra fangataham-bavaka. Ary te-hivavaka miaraka amin’izy ireo aho, tiako ireo rahalahiko mpitoriteny hikambana amiko.

²⁰⁵ Ankehitriny, ho afaka hiteny amin’ny tsirairay avy amin’izy ireo aho hoe ahoana no nitrangan’izany, sy ny rehetra mikasika an’izany, fa ny hanasitrana anareo, tsy vitako. Fa te-hanontany zavatra aminareo aho. Hanaiky an’i Jesosy Tompoko ho Mpanasitrana anareo ve ianareo raha tonga hivavaka ho anareo aho? Aoka ny sasany amin’ireo mpitoriteny hilahatra eto miaraka amin’izy ireo, mba, ihany koa, mba hahafahan’izy ireo—hahafahan’izy ireo ho ao anatin’izany, ny manontolo.

²⁰⁶ Tiako ny mpanatrika hanaja. Enga anie Andriamanitra hanao fahagagana mahery sasantsasany eto mihitsy. Ankehitriny, ny kilemaina sy ny ory fotsiny, tena kilemaina sy sembana hany ka tsy afaka mivoaka izy ireo. Avelao fotsiny izy ireo hipetraka eo. Ankehitriny ny olona rehetra aoka hanaja. Aoka ny sasany amin'ireo mpitoriteny hitsangana eto aoriana eto mihitsy.

²⁰⁷ Ry sakaiza Kristiana, firy no hikambana amiko ao amin'ny vavaka raha mbola eto aho mikarakara an'ireto olona ireto? Hino miaraka amiko amin'ny fonareo rehetra ve ianareo? Hanaja ve ianareo ka hihazona ny lohanareo miondrika ary ho ao amin'ny vavaka? Ary mangataka an'i Jesosy Tompontsika isika hanasitrana an'ireto marary ireto sy... Ahoana moa raha ny havanareo ity mipetraka eto ity, ny sasany amin'izy ireo dia sembana tanteraka sy—sy kilemaina, ary jamba tanteraka, nihazona tehina eny an-tanany? Mino aho fa hanasitrana azy ireo Jesosy Tompontsika. Ankehitriny, ny tsirairay avy mahazoa toerana, ny rehetra afa-tsy ireo kilemaina. Ireo kilemaina fotsiny eto ankehitriny.

[Manoro hevitra ny fiangonana Rahalahy Hall—Mpand.]

²⁰⁸ Ankehitriny, ho anareo izay kilemaina sy sembana ary ory eto, mandeha ho anareo ny foko rehefa mahita ahy eto amin'ny lampihazo ianareo manonona fitahiana eo amin'ny sasany amin'ireo olona. Efa nisy maro tamin'izy ireo teto izay kilemaina sy sembana tanteraka no sitrana; efa nandre ny amin'izany ianareo. Ohatra, Atoa. Upshaw eto izay kilemaina nandritry ny enina amby enimpolo taona, tsy misy anankiray aminareo izay tao amin'ny toerana izay nisy azy hatramin'ny naha-zazalahy kely azy, ary niezaka ny ho sitrana fony izy fito ambin'ny folo taona rehefa nanapaka ny lamosiny izy aloha. Tahaka ny Filoha Roosevelt izy, itompokolahy filohantsika, avy teo amin'ny valahany nidina no nahazoany azy. Afaka nanao fotsiny ihany an'izay notenenin'Andriamanitra tamiko mba hatao aho, mba hahita fahitana iray ka hiteny aminy mikasika an'izany, an'izay hitranga.

²⁰⁹ Tsy izy ihany, fa ireo hafa dia nipetraka teto tao anatin'ny seza misy kodiarana izay tsy ao anatin'ny seza misy kodiarana izao hariva izao izay sitrana, maro aminareo no mahafantatra an'izany. Phoenix, herinandro talohan'ny farany, ahoana fa naka azy ireo avy tao amin'ny seza misy kodiarana Andriamanitra.

²¹⁰ Raha mbola mitsangana eto aho, dia mandinika anareo, afaka miteny aminareo an'izay tsy mety aminareo aho, fa ny antony tsy itenenako amin'ny sasany... matetika ny amin'ireo olona eo amin'ny seza misy kodiarana, dia hilaza ny olona iray hoe, “Eny, ny olona rehetra dia afaka mijery eo ka milaza fa kilemaina io lehilahy io.” Marina izany. Tsy mifototra loatra ao amin'izany ny asam-panompoako, ilay izy dia ny mahita olona

iray salama ary avy eo dia miteny amin'izy ireo an'izay tsy mety, hitanareo, olona toa salama tsara, ary raha . . . hahamarika an'izany ianareo.

²¹¹ Ary izao hariva izao, ny mpanatrika, ho anareo vahiny, dia niezaka aho ny nihazona an'Izany tena arak'izay azo natao mba hihazona ny heriko ho tonga hivavaka ho an'ireto olona ireto. Ankehitriny, hanontany zavatra aminareo aho: Mino ve ianareo fa niteny ny fahamarinana aho, ianareo kilemaina sy ny sisa? Izaho—hidina aho ary—ary—ary hangataka amin'Andriamanitra mba hitahy anareo, sy hivavaka ho anareo, ny isam-batan'olona tsirairay, ary tiako ianareo hino fa hamela anareo ho salama Andriamanitra. Ankehitriny, mety hanao an'izany Izy izao ankehitriny izao. Raha mahatsapa an'izany ianareo, ilay finoana fa hitsangana ianareo, dia mety tsara; raha tsy izany ianareo, eny amin'izay fotoana izay dia minoa fa hanasitrana anareo Izy. Raha manana an'izany finoana betsaka izany ianareo, dia hila fotoana ela ny hisehoan'izany, fa hoy Jesosy hoe, “Araka ny finoanareo, no aoka hahatanteraka an'izany aminareo.” Fa ankehitriny, raha manana finoana lehibe ianareo, dia ho afaka ny ho sitrana eo no ho eo.

²¹² Mahita lehilahy jamba sasany aho mipetraka eto miaraka amin'ny tehina, tiako ianareo hino. Ary tiako ny mpanatrika rehetra . . . Ahoana moa raha ny dadanareo sy ny reninareo na olona iray io mipetraka eto io?

²¹³ Ankehitriny dia aoka isika ho tso-po. Ny zavatra tokana azoko atao dia ny mandeha mivavaka ho azy ireo. Ankehitriny, raha te-hahafantatra an'izay tsy mety izy ireo sy izay nitranga, dia Andriamanitra no hanambara an'izany, azo atao izany. Fa te-hivavahana izy ireo, ary mino izy ireo fa raha ho avy hivavaka ho azy ireo aho, dia hamela azy ireo ho salama Andriamanitra. Ary mino aho fa raha hino an'izany amin'ny fony rehetra izy ireo, dia hitranga izany izao ankehitriny izao. Ary raha hanao an'izany izy ireo . . .

²¹⁴ Ary raha tsy izao ankehitriny izao ilay izy, dia aza kivy, izany dia mety ao anatin'ny—ny antsasak'adiny manomboka izao, mety ao anatin'ny herinandro manomboka izao izany, tsy fantatro, fa hisy izany raha mino an'izany ianareo. “Araka ny finoanareo, no aoka hahatanteraka an'izany aminareo.” Raha izany no Soratra, dia aoka ny mpanatrika hanao hoe, “Amena.” Mino amin'ny fonareo rehetra ankehitriny.

²¹⁵ Impiry no efa nahitantsika azy ireo nivoaka avy tao amin'ny toeram-pitsaboana ny marary saina sy tao anatin'ireo akanjo famatorana, sy ny sisa, ary any an-trano izy ireo ankehitriny, ary olona ara-dalàna, hitanareo, ary ireo karazana fahoriana rehetra?

²¹⁶ Ankehitriny, ireo rahalahy mpitoriteny dia hivavaka raha mbola mivavaka aho; manontany aho raha hanao tahaka

an'izany ny mpanatrika, raha hanondrika ny lohanareo ianareo. Rahalahy Hall, mijanona eto amin'ny fanamafisam-peo eto ianao. Ary ry tovolahy, raha handeha hiaraka amiko ao amin'ilay laharana ianao.

²¹⁷ Maniry aho ny hiantsoan'Andriamanitra ny zanakolahy hivavaka ho an'ny marary. Ary maniry aho ny hahita zavatra hitranga aloha mba hanamarina an'izany, hitanareo. Tiako izy hiaraka amiko rehefa miseho ity. Eny àry.

(Miresaha amin'ny mpanatrika ianao.) [Miresaka amin'ny mpanatrika Rahalahy Hall raha mivavaka ho an'ny ory Rahalahy Branham. Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

²¹⁸ Ry sakaiza Kristiana, ho anareo izay mino amin'ny fonareo rehetra, ankehitriny ny tsirairay avy dia aoka hanaja fotsiny arak'izay vitanareo, tena mino aho fa nitahy ny tsirairay avy aminareo Andriamanitra ho an'ny fahasitrananareo. Lehilahy iray eto no mitsapa ny masonry aloha sy aoriana eto, izay jamba. Ramatoa iray hafa izay nametraka ny tongony any ivelan'ny seza misy kodiarana eto, ramatoa mainty hoditra iray, hitsangana avy eo izy afaka minitra vitsy. Indro mitsangana ny ramatoa iray hafa. Eny àry. Ankehitriny ny tsirairay avy aoka hanaja fotsiny. Ny Fanahy Masina dia . . . Voatahy ireo olona, mino amin'ny foko rehetra aho.

²¹⁹ Ankehitriny, tiako ny mpanatrika hitsangana, ny tsirairay avy ato amin'ny tranobe. Ry sakaiza mpitoriteny, tiako ianareo handroso ankehitriny ka hametraka ny tãnanareo eo amin'ny—eo amin'ny ory, ry rahalahiko mpitoriteny eto, mandrosoa ka apetraho eo amin'izy ireo ny tãnanareo, mba ahafahanareo manampy azy ireo amin'ny fanampiana azy ireo amin'ny finoany hitsangana avy eo amin'ireo seza misy kodiarana ka ho sitrana. Ankehitriny, tiako ny tsirairay avy hanangana ny tãnanareo amin'Andriamanitra tahaka an'izao raha mivavaka isika.

²²⁰ Ankehitriny, ramatoa, ilay ramatoa mainty hoditra eto, tiako ianao hitsangana avy eo. Ary ity ramatoa eto ity, sy etsy, tiako ianareo hino amin'ny fonareo rehetra ankehitriny.

Ireo Kristiana rehetra mivavaha.

²²¹ Ankehitriny, Ray, efa nitso-drano an'ireto olona ireto tamin'Ny Anaranao izahay, mahafantatra an'ity zavatra anankiray ity hoe Ianao no nampanantena fa “Na inona na inona zavatra irianareo, rehefa mivavaka ianareo, dia minoa fa azonareo izy ireo.” Raha afaka naka an'io vehivavy mahantra izay voafatotra sy sembana eo ambonin'io fandrian'ny marary avy tao amin'io fandrian'ny marary io Ianao, dia afaka maka ny tsirairay avy amin'izy ireo Ianao, Tompo. Ekeo izao ankehitriny izao mba ahafahan'izy ireo ho sitrana sy ho salama. Henoy ny vavaky ny Mpanomponao manetry tena, Ray. Ankehitriny, ekeo izany, Tompo.

²²² Satana, ianao izay namatotra an'ireto olona ireto, efa nivavahana izy ireo, efa nangatahana teo amin'izy ireo ny fitahian'Andriamanitra, resy iray ianao.

²²³ Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, mitsangàna avy eo! Indro tonga ny ramatoa iray, nalemy, niala teo amin'ilay seza, nanatona, nitsangana. Jereo eto, mivoaka avy ao amin'ny seza misy kodiarana, mandeha tsy misy...Deraina ny Tompo! Indro tonga ny anankiray hafa, ramatoa iray hafa nalemy tao anatin'ny seza misy kodiarana iray, mitsangana, midera an'Andriamanitra. Ndao isika hanangana ny tânantsika manome dera an'Andriamanitra, hatraiza hatraiza. Marina izany. Mitsangàna eo. Amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, mitsangàna! Ry zazalahy kely, ahinjiro ny tânanao eo ka aoka ho salama. Voatosika any aoriana ireo seza misy kodiarana. Lavo ao anatin'ny seza misy kodiarana ny olona, ary manana be voninahitra iray... Haleloia! Ho an'Andriamanitra ny dera! 🙏

51-0505 Ny Fanirahana Ahy
Calvary Temple
Los Angeles, California U.S.A.

MALAGASY

©2026 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. Box 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-
printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy
misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy
Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy
lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba
nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho
fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny
Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo
raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org